



# **Fanonerana harena voajanahary ataon'ny Rio Tinto ao Madagasikara**

**Fangoronan-tany avo roa heny  
amin'ny anaran'ny  
harena voajanahary ?**

**Tatitra momba  
ny fitsidihina tany ifotony  
nataon'ny  
WRM sy Re:Common**



# **Fanonerana harena voajanahary ataon'ny Rio Tinto ao Madagasikara**

---

**Fangoronan-tany avo roa heny  
amin'ny anaran'ny harena voajanahary ?**

**Tatitra momba ny fitsidihina tany ifotony nataon'ny  
WRM sy Re:Common**

**Nosoratan'i** Jutta Kill sy Giulia Franchi  
**Nandika teny :** Junassye Rabemazaka  
**Sary :** Jutta Kill  
**Endri-tsoratra :** Carlo Dojmi di Delupis

**Namokatra :**  
World Rainforest Movement –wrm.org.uy  
Re:common – www.recommon.org

**Niara-niasa :** Collectif TANY – <http://terresmalgaches.info/>

Ity tahirin-kevitra ity dia notohan'ny Misereor (Alemanina) sy ny Fiaraha-mi-asam-panjakana Soediana ho amin'ny Fampandrosoana amin'ny alalan'ny Sweedish Society for Nature Conservation (Fikambanana Soediana mirakitra ny voajana-hary), SSNC, ny namokarana azy. Ny fijery ato dia tsy voatery hitaratra ny hevitra ofisialin'ny SNCC sy Misereor ary ny an'ireo mpandrotsa-bola ho an'ireo avy.

Marsa 2016

# Fizahan-takelaka

Fampidirana .....	6
1. Feo avy amin'ireo tanàna : <i>"Tsy rariny!"</i> .....	11
2. Inona no atao hoe fanonerana harena voajanahary? .....	19
3. Ny tetikasa fanonerana harena voajanahary ao anatin'ny paikadin'ny Rio Tinto .....	26
4. Ny tetikasa fanonerana harena voajanahary ao Bemangidy-Ivohibe .....	36
5. Iza avy ireo fikambanana mpitahiry ny tontolo iainana voakasiky ny tetikasa fanonerana harena voajanahary ao Bemangidy .....	39
6. Eritreritra nateraky ny fitsidihana tany ifotony .....	42
7. Inona no hevi-baventy nasongadin'ny fitsidihana ny fanonerana harena voajanahary ataon'ny Rio Tinto QMM .....	47
Fanazavana fanampiny .....	49
Fanamarihana farany .....	50

# Fampidirana

---

**T**aona vitsivitsy izao no nanombohan'ny orinasa mpitrandraka harena ankibon'ny tany manandratra amin'ny fomba mavitrika ny fanonerana ny harena voajanahary, izay fomba "hanamaitsoana" ny sehatry ny fitrandrahana. Io hevitra io dia mampanantena fa hampifandanja sy hanonitra ny harena voajanahary very any amin'ny toerana iray ny fiarovana izay lazaina fa tandindomindoza any amin'ny toerana hafa. Raha ny tena zava-miseho no jerena dia manome alàlana ny orinasa hanoany ny fandravàna ny tontolo iainana izany, na eo amin'ny sehatra fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, na amin'ny fambolena amin'ny fomba indostrialy karazam-bokatra tokana, na eny amin'ny fotodrafitrasa midadasika, na eny amin'ny herin'aratra avy amin'ny rano, ny indostria sns. Manampy amin'ny fahazoana vola koa io (ohatra avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena).

Ny tetikasa fanoneran'ny Rio Tinto QMM (1) ao Tolagnaro (Fort-Dauphin) harena voajanahary ao amin'ny faritra Anosy ao atsimo atsinanan'i Madagasikara angamba no tetikasa fanonerana anaovana dokam-barotra betsaka indrindra eran-tany ao amin'ny sehatry ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany. Ny zava-kinendry dia ny hanonitra ny fahaverezan'ny harena voajanahary aorian'ny fahapotehan'ny ala manamorona ny ranomasina tsy nanam-paharoa ao amin'ny toerana fitrandrahan'ny Rio Tinto QMM, izay ao amin'ny faritra Anosy koa. Ny tetikasa Rio Tinto dia nampandray anjara ny Fivondronana eran-tany

ho fiarovana ny natiora (Union Internationale pour la conservation de la nature na UICN) (2), ny zaridaina bôtanika Kew sy Missouri (Botanical Garden MBG), Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana (ONG) Malagasy sy Iraisam-pirenena (anisan'izany ny mpiaramiombon'antoka malagasy amin'ny Birdlife International, ary Komity mpanolotsaina momba ny harena voajanahary maro karazana, izay misy mpikambana avy ao amin'ny tontolo siantifika sy avy amin'ny ONG fiarovana ny tontolo iainana. Boky kely mampirapiratra maro fampahafantarana - navoakan'ny UICN, ny BirdLife International, ny World Business Council on Sustainable Development sy ny Business and Biodiversity Offsets Program (BBOP) - no milaza fa tokony ho alain-tahaka ny hevitra ny Rio Tinto QMM. Samy mamerimberina ny fampanantenan'ny orinasa goavana mpitrandraka izy ireo: ankoatry ny fanonerana ny harena voajanahary very dia hisy "fiatraikany tena mahomby azo tsapai-tànana" ("impact positif net") ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany any amin'ny farany.

Milaza ny Rio Tinto fa hisy "fiatraikany tena mahomby azo tsapai-tànana" ny fitrandrahan'ny QMM fasimainty ao Fort-Dauphin noho ny antony roa. Voalohany, ny ala ao anatin'ny faritra nomena hitrandrahana dia tsy maintsy ho potiky ny mponina ao an-toerana hono na ahoana na ahoana ao anatin'ny am-polotaona ho avy. Io resaka io dia efa notoherin'ny fikarohana izay nahita ny fototra



miorina amin'ny fanjanahantany ny fanazavana fa ny fomba fampiasàna ny tany nentim-paharazan'ny Malagasy dia “tsy mitombona” sy “tsy mamokatra” (3). Ny faharoa dia ny orinasa no handoa vola ho an'ny famerenana amin'ny laoniny ny ala nakàna hazo be loatra, ao amin'ny toerana fitrandrahana sy any amin'ny toerana rehetra “fanonerana”, mba ahatonga ny harena voajanahary anaty ala hiverina amin'ny laoniny. (4)

Ny fanadihadiana avy amin'ny oniversite dia mampahafantatra ny antsipiriany ny zavaboahary isankarazany ao amin'ny ala anatin'ny faritra fanonerana ary ny ala izay ho simba nohon'ny fitrandrahana fasimainty. Ny lahatsoratra an-gazety kosa dia nandalina ny fiatraikan'ny raharaha amin'ny vondron'ny mponina tantsaha sy mpanjono eo amin'ny manodidina akaikin'ny faritra nomena hitrandrahana. Saingy tsy misy milaza momba ireo tsara ho fantatra momba ny vokatra ny tetikasa fanonerana

*Toerana nentim-paharazana natao kijana sy nambolena hanin-kohanina an-tsisin'ny alan'i Tsitongambarika anilan'i Bemangidy, tafiditra ao amin'ny drafitr'asa fanoneran'ny Rio Tinto QMM harena voajanahary.*

harena voajanahary (any ivelan'ny faritra nomena hitrandrahana) amin'ny fokonolona voakasika na mandray anjara amin'izany. Inona no hevitr'ireo olona izay iharan'io tetikasa momba ny fanonerana ny harena voajanahary voalaza fa môdely io mivantana ?

Ny tanjona tamin'ny fanadihadiana ifotony nataon'ny Re:Common sy World Rainforest Movement (WRM) tamin'ny septambra 2015, dia ny hahafantatra ny fomba iainana sy andraisan'ny fokonolona manodidina ny faritra ny tetikasa fanonerana ny harena voajanahary ataon'ny Rio Tinto QMM. Namangy ny iray amin'ireo tanàna misy ny mponina mipetraka akaikin'i Bemangidy, iray amin'ireo

telo kasain'ny orinasa anaovana fandaharan'asa momba ny fanonerana harena ara-boajanahary ho an'ny fitrandrahan'ny orinasany fasimainty ao Fort-Dauphin (5) izy.

Ny vaovao azo rehetra dia nahafantaran'ny mpitsidika fa ny fahafahan'ny fokolonona mankao anaty ala dia noferana mafy, ary kely dia kely ny fampahalalana ny fokolonona momba ny atao hoe tetikasa fanonerana harena voajanahary, ary vao maika kely noho izany ny vaovao nomena azy momba ny indostria manome vola na mividy ireo ,trosa fanonerana' (crédits de compensation) ao amin'ireo tetikasa ireo (izay matetika ny orinasam-pitaterana an'habakabaka sy ireo fikambanan'orinasa iarahan'ny firenena maro miasa ao amin'ny sehatra fitrandrahana harena ankibon'ny tany na solika na amin'ny sehatra fambolena indostrialy). Tsy nahalala ireo fokolonona fa ilay zavatra naseho azy ho toy ny "tetikasa fiarovana ala" dia novolavolaina hanonerana ny fanapotehana ny ala tsy manam-paharoa manamorona ny ranomasina akaikin'ny tananan'i Fort-Dauphin, 50 km ao atsimon'ny faritra Bemangidy-Ivohibe mba hanonerana ny fahaverezan'ny harena voajanahary ateraky ny fitrandrahana fasimainty.

Na dia manazava ny fifandraisana misy eo amin'ny fandràna ny fahafahan'ny fokolonona mampiasa ny ala ao Bemangidy sy ny fambolena-kazo ary ny fanonerana ny harena voajanahary aza ireo boky kelin'ny orinasa sy ny fikambanana miaro ny tontolo iainana, dia tsy nazavaina tamin'ny fokolonona voakasika mivantana izany fifandraisana izany. Ny nazavaina taminy – sy nampiharina an-katerena taminy – dia ny fandràna ny fahafahany mampiasa ny ala anaty ala amin'izao fotoana izao.

Ireo tantsaha ireo dia mahatsapa fa nampiharina an-katerena taminy tsy nisy fifampiresahana ary tsy nisy fijerena ny zava-misy iainany ireo fandràna ireo. Nisy fampanantenana famoronana asa hampitomboana ny fidirambola mba ho tambin'ny fandràna ny fampiasana ny ala saingy tsy mbola tanteraka izany; kanefa ny fandràna ny fampiasana ny ala efa natao ary efa mihatra. Nisy fivoriana tamin'ny fikambanana miaro ny tontolo iainana miandraikitra ny fampiharana ireo fandràna ireo , izay nampiseho fomba manahirana nampiasaina mba hanarahan'ny mponina ny fandràna amin'ny fampiasana ny ala. (mba ahafantarana kokoa ny momba izany, jereo ny toka faha-6 : Eritreritra nateraky ny fitsidihana tany ifotony).

Koa ity tatitra ity dia mikendry ny hampanandroso ny fanadihadiana sy fitsikerana ny fanonerana ny harena voajanahary :

- Mizara zavamisy mikasiky gny vokadratsy aterakiny @ sehatra @ fitrandraha (mine) miarak @ fokonolo tratsiny na nihantogny mba handray anjara @ tsy fampiasa gnala mba hagnonera gny ala simba @ tany hafa agny gny) @ olo fokonolo magnodidy any Bemangidy. [Hizara amin'ny fokolonona manodidina an'i Bemangidy ny zava-misy mikasika ny voka-dratsin'ny fitrandrahana eo amin'ny faritra amin'ny fokolonona voarara tsy hampiasa ala noho ny fanonerana ny ala simba ao amin'ny faritra.]

- Mitantara (mizara info) gny raha tsy ampahafantarriny Compni vo gny mpiaramiasa @naz gny zavamisy tokony ho fantatsy marina mikasiky gny tetikasa fanonerana . [Hitantara izay tsy ampahafantarin'ny QMM amin'ny mpiara-miasa, ny zava-misy tokony ho fantatra marina





mikasiky ny tetikasa fanonerana ]. Agnatiny chapitre 2 ato magnazava mikasik gny biodiversity offset... Mba hahafantarany gnolo gny tena zavamisy marina ka hizakany gny ONG mieritserits fa gny olo tsy mila mahafantst fa zaka avao hoe mila mamboly hazo. [Ato amin'ny chapitre 2 ato, misy fanazavana mikasika ny "biodiversity offset" na fanonerana ny harena voajanahary... Mba hahafantaran'ny rehetra ny tena zavamisy marina fa tsy hoe mila mamboly hazo avao dia vita...]

- Mampiakatra ny fahatsiarovantena momba ny zavamisy sarotra iainana ateraky ny tetikasa fanonerana harena voajanahary an'ny Rio Tinto QMM, any amin'ny tany ambanivohitra izay notsidihinay, amin'ny fanantenana fa ny fampahafantarana nomena dia afaka hanampy azy ireo hitaky ny zo sy ny fitondrana ara-drariny ary fampiharana ny zo ara-drazana amin'ny fananantany amin'ity tetikasa ity ka tsy hanesorana ny mponina amin'ny famboliany

*Iray amin'ireo fiampitana bacs miisa telo (3) anelanelan'i Taolagnaro (Fort-Dauphin) sy ireo tananan'i laboko ho sy Antsoto izay voatsindrin'ny drafitr'asa fanoneran'ny Rio Tinto QMM harena.*

ka hahatonga azy ireo ho mosary. [Hampiakatra ny fahatsiarovan-tena momba ny zava-misy sarotra iainana ateraky ny tetikasan'ny Rio Tinto QMM fanonerana harena voajanahary, any amin'ny tany ambanivohitra izay notsidihinay. Antenaina fa ny fampahafantarana nomena dia afaka hanampy azy ireo hitaky ny zo sy ny fitondrana ara-drariny ary fampiharana ny zo ara-drazana amin'ny fananantany amin'ity tetikasa ity ka tsy ho esorina amin'ny fambolena ny mponina mba tsy hahatonga azy ireo ho mosarena.]

- Magnamafy gny feon'ireo zay miantso mba hifaranan'ny vahaolana fitaky mikasik gny fanonerana, na hoe hoany zavamanannaina, na karbaonina, na famerenana ny ala amin'ny laoniny, na rano madio, fandotoana indostrialy,

fampandrosoana ny mponina, na mikasiky gny fampandrosoa gny apela... [Manamafy ny feon'ireo izay mitaky vaha-olana mikasika ny fanonerana, na zava-manan'aina, na karbaonina, na famerenana ny ala amin'ny laoniny, na rano madio, fandotoana indostrialy, fampandrosoana ny mponina, na mikasiky ny fampandrosoana ny isan'ny ampela anatin'ny Komity Mpitantana ny Orinasa iarahan'ny firenena maro.] (6)

### Fanolorana ireo toko samihafa

“Ny feo avy any amin'ny tanàna ifotony” no mandrafitra ny toko voalohany amin'ity tatitra ity. Izany dia natao ahitana taratra ny traikefan'ireo mponina ao amin'ny tanàna iray misy ny fanonerana harena voajanahary an'ny QMM ao Bemangidy-Ivohibe. Ny mponina sy ny manam-pahefana ao an-toerana dia nizara ny fomba fijerin'izy ireo, ny fahatsapany sy ireo traikefa azony avy amin'ireo fihaonana tamin'ireo mpiaro ny tetikasa fanonerana. Nohazavain'izy ireo ny fandraran'ny tetikasa ny fanohizan'ny mponina mamboly mangahazo eny amin'ny sisin'ny ala saingy tsy nisy vahaolana hafa naroso ho solon'izany fambolena fototsakafo ianteheran'ireo tantsaha ireo izany.

Na ny orinasa mpitrandraka Rio Tinto QMM, na ny fikambanana (ONG) izay miara-miasa aminy amin'ity faritra manokana ity dia hoatry ny samy nampahafantatra ny tantara rehetra momba ny tetikasa. Saingy tsy mba nampahafantarin'izy ireo ny fokonolona fa io tetikasa “fitahirizana ny ala” io raha ny tena marina dia tetikasa fanonerana harena voajanahary mba hanamorana ny fahazahoan'ny QMM fahafahana mitrandraka ny fasimainty ao amin'ny

ala manamorona ny ranomasina izay ala tsy manampaharoa sy akaikin'ny tananan'ny Taolagnaro (Fort-Dauphin), 50 km - adiny telo ka hatramin'ny adiny enina ora amin'ny fiara – ao atsimon'ny tanàna ianjadian'ny fanonerana harena voajanahary Bemangidy-Ivohibe. Ny toko faharoa dia manome fanazavana fohifohy mikasika ny atao hoe fanonerana harena voajanahary mba hahafahan'ireo fokonolona miatrika adi-hevitra amin'ireo fikambanana ONG tonga manome lesona azy momba ny maha-zavadehibe ny fiarovana ny ala “ho an'ny taranaka faramandimby” na koa “ho an'ny harena voajanahary” nefa manafina aminy ny tsara ho fantatra izay manandanja goavana.

Ny toko faha-3 ka hatramin'ny faha-5 dia manome ny tsara ho fantatra mahakasika ny tetikasa fanonerana harena voajanahary manokana ao Bemangidy-Ivohibe sy ny lanjany ao amin'ny paikady fitahirizan'ny Rio Tinto harena voajanahary. Ny tsara ho fantatra amin'io tetikasa io dia fenoin'ny famariparitana fohifohy momba ireo fikambanana ianteheran'ny Rio Tinto eo amin'ny fanatanterahana ny tetikasa.

Ao amin'ny toko faha-6 no ahitana ny hevitra notsoahin'ny mpanoratra mahakasika ny tranga hitany sy azony mandritra ireo fifampiresahana tamin'ny mponina sy ireo fivoriana miaraka amin'ireo olona voakasiky ny fanatanterahana ny fanonerana ny harena voajanahary ao Bemangidy. Ny toko faha-7 dia mamintina izany eritreritra izany.

# 1. Feo avy amin'ireo tanàna : “Tsy rariny !”

---

*“Fantatray ny maha zava-dehibe ny fiarovana ny ala. Saingy tsara kokoa raha fanampiana anay amin'ny fambolena izay ataonay no nanombohan'ireo tetikasa alohan'ny nandrarana anay tsy hampiasa ny ala intsony. Satria tsy izany no niseho, dia indreto izahay tavela tsy misy sakafo ary izany no olana.”*

---

## **Famerana sy fandràna noterena tsy nisy fifampiraharana azo natao**

**H**o an'ny ankamaroan'ireo tantsaha any amin'ny faritra atsimo atsinanan'ny Madagasikara dia sarotra ny fiainana: ireo tany amin'ny moron'ny ranomasina dia fasika, ny ambanin'ny sisin'ny vohitra anatin'ny tany izay misy ny alan'ny Tsitongambarika dia sarotra hanihina ary ny tany azo volena dia manifly. Noho izany, ny vokatry ny fambolena dia natao ho an'ny filàna ara-tsakafon'izy ireo fotsiny ny ankamaroany, nefa mafy ny asa ahatongavana amin'izany. Ny fototsakafon'ny mponina ao amin'ny tanàna notsidihinay dia ny mangahazo.

Talohan'ny nahatongavan'ny tetikasan'ny Rio Tinto QMM momba ny fanonerana harena voajanahary tao Bemangidy, dia teny amin'ny manodidina ny ala no toerana nambolen'ny mponina ao an-toerana

mangahazo. Tany 15 metatra toradroa eny amin'ny vohitra misy ala dia nahavatsy mangahazo ampy ho sakafon'ny fianankaviana iray misy olona dimy mandritry ny dimy andro. Ny famboliana mifindrafindra no tena fanaon'ny olona any ary mamboly ny taniny mandritry ny taona vitsivitsy ny fianankaviana. Rehefa namboly tamin'ny toerana iray izy ireo ka nihena ny vokatra dia mifindra toerana hafa ary mamela ny tany tsy hisy voly (jachère) mandritra ny fotoana vitsivitsy mba hampiforona ny tsiron-tany indray. Ny teny fampiasa ao an-toerana momba ny famelàna ny tany tsy hisy voly dia “hindy”. Alohan'ny hamboleny indray eo amin'ny tany, dia doran'ny mponina ny zava-maniry eo amboniny mba hanafaka sy hampivoitra ny votoatiny. Tsy misy fampiasana zezika simika io fomba fambolena miorina amin'ny fampiodinana ny zavatra volena io.

Iray amin'ireo fandràna amin'ny tetikasa fanonerana harena voajanahary napetraka tsy nisy fifanakalozana tamin'ny fokonolona ao Bemangidy-Ivohibe ny tsy fahafahan'izy ireo mamboly mangahazo eny amin'ny manodidina ny ala intsony sy ny tsy fahafahan'izy ireo mampiasa ny ala toy ny nataony teo aloha. Ny fandràna dia nambara tamin'ireo tantsaha tamin'ilay antsoin'ny mponina ao antanàna hoe “dina”, izay fitambarana fandràna mamariparitra ireo zavatra azo sy tsy azon'izy ireo atao. Ny “dina” dia anisan'ny fomba sy kolotsaina misy fitsipika amin'ny fampiasana ny tany ara-pomban-drazana eo anivon'ny fokonolona.



Ny fanoritana ny votoatin'ny "dina" dia misy dingana fifampiraharaha eo anivon'ny samy mpampiasa ny tany, mba ahafahana manapaka hoe ahoana ny fomba hampiroboroana toerana iray voafaritra. Noho izany, ny lanjan'ny fanajana ny "dina" dia matetika mahery noho ny fanajana didim-panjakana. Teo aloha koa, ny "dina" dia tsy voasoratra, fa tsy nisy nilàna izany. Ireo olona voakasika dia nandray anjara tamin'ny fifampiraharaha sy tao anatin'ny dingana samihafa, ka samy nanome toky fa hanaja ireo hevitra niarahanapaka. Folo na roapolo taona anefa izao ny manam-pahefana anivon'ny fanjakana sy ireo fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana (ONG) mikasika ny fiarovana dia nanomboka nampiasa ny teny "dina" hiantsoana antontan-taratasy izay misy fitsipika voasoratra apetraka an-katerena amin'ireo mponina ao anatin'ny sehatry ny tetikasa fitahirizana.

Ireo olona tany amin'ny tanàna samihafa dia nilaza fa nisy "dina" iray novelabelarina tamin'ny fokonolona manodidina ny taona 2003, rehefa nafindran'ny governemanta malagasy tamin'ny manam-pahefana ao an-

*Saha fasika hambolena mangahazo. Ny saha fasika sisa no hany ahafahan'ny mponina mamboly mangahazo izay foto-tsakafony. Voarara ny mamboly toy ny nahazatra eny an-tsisin'ny ala izay lasa toerana voaaro natokana ho an'ny fanoneran'ny Rio Tinto QMM harena voajanahary.*

toerana sy ny fikambanana ONG Asity ny fitantanana ny tapany avaratry ny ala Tsintongambarika (TGK III) (7). Ampiasain'ny governemanta sy ny fikambanana samihafa miaro ny tontolo iainana ny "dina" rehefa afindra amin'ny manam-pahefana any ifotony ny fitantanana ny ala anatin'ny faritra voaaro. Ny votoatin'ireny "dina" ireny dia matetika novolavolaina niaraka tamin'ny fandraisan'anjara kely dia kelin'ny fikambanan'ny vondron'ny mponina any ifotony izay najoro anatin'ny zotra famindràna ny fitantanana. Ny vondron'ny mponina any ifotony dia tsy mandray anjara afa-tsy amin'ny fanentitrenterana ny fitsipika; momba ny famerana sy fandràna dia tsy misy fifampiraharaha azo atao.

Ny "dina" voasoratra izay mihatra amin'ny faritra fiarovana ny harena voajanahary ao Bemangidy dia

manasaraka ny ala ho fizarana telo izay samihafa ny “fampiasana” azy. Ny iray, voarara tanteraka ny fampiasana azy (afa-tsy ho an’ny fikarohana siantifika). Ao amin’ny faharoa, misy asa fanarenana atao ka hisy fampiasana voafetra azo hatao ao any aoriana. Ao amin’ny fahatelo, mahazo alàlana hampiasa sombin-tany ny mponina, sombin-tany izay efa nanaovana voly nisy fandroana sy tany eo am-pialan-tsasatra na “hindy”. Na izany aza, ny fampiasana io karazam-paritra fahatelo io dia mila alalana avy amin’ny manam-pahefana ao an-toerana izay najoro tamin’ny fotoana namindràna ny fitantanana, izay antsoina hoe Vondron’olona any Ifotony (VOI na COBA). Amin’ny ankapobeny, mba ahafahan’ny mponina any amin’ny tanàna mahazo io alalana io dia tsy maintsy mpikambana ao amin’ny COBA izy sy mandoa latsak’emboka.

Raha ohatra ka misy olona tratra miasa ao anatin’ny ala tsy mañana ny fahazoan-dàlana mifanandrify amin’izany, na any amina faritra tsy azo hanaovana fanabeazam-boho, dia mandoa sazy 50 000 Ar ka hatramin’ny 1 000 000 Ar (15 – 300 euros) izany olona izany. Mba hametrahana ireo sandam-bola ireo anatin’ny zava-misy any an-toerana, dia aoka holazaina fa 75%-n’ny Malagasy dia miaina isan’andro amin’ny vola latsaky ny 2 dôlara amerikana, ary ny karama farany ambany araky ny lalàna tamin’ny taona 2015 dia 125 000 Ariary (35 euros isam-bolana). *“Raha tsy afaka mandoa izany sazy izany dia entina eny amin’ny biraon’ny sampan-draharaha miandraikitra ny Ala, dia avy eo any amponja”*, hoy ny fitantaran’ny tantsaha iray. Nisy “dina Asity” koa noresahan’ny mponina. Io “dina” io, hoy ny fanazavan’izy ireo, dia mandrara ny fampiasana afo eny amin’ny tehezana ny tendrombohitra na dia fandroana ny saha izay avy napetraka tsy hiasa aza alohan’ny hanombohana voly eo indray. Taoriana

kelin’ny fandalovanay tany an-toerana tamin’ny volana septambra 2015, nisy tantsaha iray nandro ny zava-maniry teo amin’ny iray amin’ny “hindy”-ny mba hanomanana ny tany. Nandritry ny fivoriana izay nifanakalozana momba ny hevitra tsoahina ho an’ity tatitra ity, dia nilaza ny mpiara-monina aminy fa tafiditra anaty fahasahiranana izy satria tena mila tany hambolena mangahazo. Nobaikona izy handoa sazy 100 000 Ar noho izy namelona afo tao amin’ny faritra izay voararan’ny “dina” mamaritra ny fampiasana ny ala ao amin’ny toerana misy ny tetikasa fanonerana harena voajanahary.

### **Tandindomin-doza ny fahazoana antoka fa hisy sakafo hohanina**

*“Talohan’ny nahatongavan’ny tetikasa taty aminay, dia namboly mangahazo tao anaty ala izahay. Amin’zao fotoana izao anefa, tsy mahazo alalana hamboly eny anatin’ny ala intsony izahay ka tsy maintsy mividy sakafo ka tena olona satria tsy manam-bola izahay. Soa ihany fa nisy ny asa fanamboaran-dalana ho an’ny olona vitsivitsy eto amin’ny tanàna (8) farafaharatsiny, misy olona vitsivitsy afaka miasa ka mba mahazo vola hividianana sakafo. Tsy afaka mamokatra zavatra ampy hamelomana ny fianankavianay intsony izahay. Nefa inona no hataonay rehefa vita io asa fanamboaran-dalana io. Vao maika ho sarotra kokoa noho ny misy anay amin’izao fotoana izao !”*

Io no famariparitana ny tetikasa fanonerana harena voajanahary ataon’ny Rio Tinto QMM ao amin’ny faritry Bemangidy, anisan’ny henonay voalohany. Niverimberina teo amin’ny ny fifampiresahanay niaraka tamin’ireo tantsaha izany.

Asity dia ONG malagasy mpiaro ny natiora sy mpiara-miombon’antoka amin’ny Birdlife International. Tadidin’ny mponina fa fikambanana

tonga tany amin'ny tanàna mba hampahafantatra amin'ireo tantsaha fa tokony harovana ny ala "ho an'ireo taranaka faramandimby sy ho an'ireo razana taloha" ary tokony hitsahatra tsy hamboly mangahazo sy zavatra hafa eny amin'izany faritra misy ny ala izany ny mponina.

Satria nolazaina izy ireo fa tsy mahazo mamboly mangahazo eny amin'ny vohitra intsony dia nanomboka nitady toerana hafa mba hanohizana ny famboliana. Ny toerana hany azon'izy ireo novolena dia toerana be fasika. Eo ho eo amin'ny 3 ka hatramin'ny 4 km miala ny tanàna ka mankany amin'ny ranomasina no toerana misy ireo saha. Mila mandeha tongotra eo amin'ny adiny iray (lora) ary miampita honahona sy farihy kely ary mioididina farihy lehibe vao tonga any amin'izany toerana izany. Nazavain'ny mponina fa mandritry ny asara (volana Novambra ka hatramin'ny Avrily) dia mampididoza ny fandehanana eo, rehefa mitondra sakafo ho any an-tanàna.

Ankoatr'izay, ny taham-bokatra amin'izany tany feno fasika izany dia ambany kokoa noho ny vokatra azo tany anaty ala, ka tsy dia tsara



loatra ny fambolena mangahazo. Tsy ampy hamelomana ny fianankaviana rehetra ao an-tanàna ny vokatra azo avy ao amin'ny sahan'ny mangahazo vaovao. Sombin-tany 15 metatra toradroa tany amin'ny sisin'ny ala dia nanome vokatra ampy hamelomana fianankaviana iray misy olona dimy mandritry ny herinandro. Any amin'ilay toerana feno fasika, ny velaran-tany mitovy amin'izany dia tsy mamokatra afa-tsy zavatra hatao sakafon'ny olona dimy mandritry ny andro iray, araky ny fanazavan'ny mponina. Ny vokatra voalohany dia vonona enim-bolana eo eo aorian'ny fambolena, saingy madinika sady tsy dia tsara kalitao ny mangahazo mipoitra.

### **Tsy misy safidy vaovao ho an'ny famokarana sakafo na fomba hivelomana hafa hita soritra**

Raha ny lafiny fahavitàn-tena ara-sakafo fotsiny no jerena, dia eo ampanamarinana ny fandehan-javatra fa zava-doza ny fanonerana harena voajanahary ataon'ny Rio Tinto QMM ao Bemangidy: sarotra ny mamboly mangahazo ambony fasika, lavitry ny tanàna, anaty tany mahantra izay tsy mifanentana amin'ny karazan'ny mangahazo ananan'ny fokonolona. Manjary tsy mañana ny fonom-pivelomana fihinany ny mponina mandritry ny ankabeazan'ny taona, ary tsy manana fidiram-bola raikitra hividiana sakafo ny fianakaviana.

*"Tamin'ny 2011 no tonga taty ny Asity ka nilaza fa tsy afaka mikasika ny ala intsony*

---

*Tsy maintsy miampita io honahona (riakasia) io ny mponina vao tody amin'ireo sahana mangahazony ao Antsofo satria ny drafitra'asa fanoneran'ny Rio Tinto QMM harena voajanahary dia tsy mamela intsony azy ireo hizotra toy ny mahazatra amin'ny sisin'ny ala..*



izahay. Tamin'ny taona 2013 dia tonga izy nanomboka namboly hazo. Nolzainy anay fa ity tetikasa ity dia tena manandanja satria mila manana ala ho an'ny taranakay faramandimby izahay. Nilaza izy ireo fa hanome asa ho anay ho takalon'izany, ary ity tetikasa ity dia haharitra ela. Nefa nijanona tsy namboly izy tamin'ny 2014. Eto an-tanàna, olona 20 eo ihany no niasa tamin'ny fambolena hazo ka nahazo 3000 Ariary (1 Euro) isan'andro, ary asa nandalo ihany no nisy. Nataon-dry zareo asa dabok'andro izany. Tsara ny mamboly zana-kazo saingy tsy manome asa azo antoka mandritry ny fotoana lavitr'ezaka. Nilaza koa izy ireo fa mieritreritra ny hanomboka tetikasa mitsinjo ny fiaraha-monina mba hanampy anay amin'ny fambolena sakafy hohanina satria izahay tsy afaka manao izany intsony any anaty ala. Nilaza izy ireo fa hanomboka saingy mbola tsy nanao hatramin'izao”, araka ny fanazavan'ny tantsaha iray.

“Ny fomba nisafidianana ny olona hamboly hazo dia nanano-sarotra satria nanaraka ny filàn'ny ONG Asity”, hoy ny fanazavan'ny tantsaha.

“Tsy mihoatra ny 30 na 40 ny tatalin'ny olona niasa tao ary indraindray ihany.

Tanana Antsotso, fokontany Iabakoho. Tsy mahazo mamboly mangahazo eny amoron'ny ala izay voatokana ho toerana hanoneran'ny Rio Tinto QMM harena voajanahary ny mponina.

Isaky ny tonga izy ireo dia tsy mampondre. Ilay olona mpikarakara ny zana-kazo (pépinière) no asainy mifidy izay olona monina ao an-tanàna hamboly hazo. Rehefa tonga izy ireo indray andro dia niteny hoe “mila olona 10 izahay androany”. Dia mitondra olona 10 izy ary milaza hoe olona 11 izahay (satria 10 miampy azy). Dia manontany ry zareo hoe izy ve no handoa ny karaman'ny faha-iraika ambin'ny folo ? Ankoatr'izay, rehefa mitondra olona izy amin'ny fotoana manaraka, dia asain'izy ireo entina ny olona efa niasa teo aloha, anisan'ireo izay efa nandray anjara tamin'ny fambolena hazo.. Ka niteraka olana ho azy ao amin'ny tanàna, satria ireo olona efa niasa ihany no asaina miasa isaky ny misy asa hatao. Izany hoe, Asity tsy te-handany vola. Ny tokony ho natao dia ny olona rehetra mpikambana ao amin'ny COBA no mandray anjara, na mandeha isaky ny anjarany, saingy mitsitsy vola izy ireo ka miteraka olana hafa.”



Takela mitsatoka eo am-pidirana an'i Bemangidy-Ivohibe, faritra fanonerana voajanahary. Voasoratra eo : « Ala voajanahary. Fady ny manapaka hazo. Fady ny mandoro ny ala. Tsy azo idirana »

“Nandritra ny fifampiresahana, dia nanazava ireo tantsaha fa tany am-boalohany dia nisy resaka fa hamboly kininina manakaiky ny tanàna, mba ahazoana hazo hatao kitay sy hanamboarana trano. Nisy andrana fambolena vitsivitsy, saingy najanona dia tsy nisy hazo nambolena. Nolazain'ireo tantsaha ireo fa rehefa manontany izy ireo hoe oviana ny fambolena kininina manodidina ny tanàna no hanomboka dia novaliana hoe 'tsara kokoa ny mamboly hazo efa naniry teto ho an'ny razanareo, toy izay kininina manamorona ny lalana'. (Jereo koa toko faha-6.) Saingy tsy nisy hazo avy eo an-toerana nambolena eny amin'ny sisin-dàlana izay mety ho azon'ny mponina nalaina mba ahazoany hazo”

Mbola nanazava ihany koa ireo tantsaha ireo fa ny fahazoan'izy ireo io tetikasa io dia hiteraka asa sy fidirambola hafa ho an'ny fokonolona, mba hanonerana ny fatiantoka tamin'ny tsy fahafahana mampiasa ny tany hambolena mangahazo ka hambolena vary sy akondro ary mangahazo. Tamin'ny fotoana nitsidihanay tany an-tanàna dia tsy mbola nisy asa na fomba fampidirambola hafa notanterahana. Ny fandràna

ny fampiasàna ny ala anefa efa nampiharina.

“Noraràn'ny Asity izahay tsy hampiasa ny ala intsony satria io hatao faritra arovana. Raha mampiasa an'io izahay dia mila mandoa vola sazy, nefa ahoana ny ahafahan'izy ireo miresaka vola aminay ? izahay tsy manam-bola”, hoy ny tantsaha iray.

Olona iray hafa nanampy hoe : “tsy misy olona afaka milaza fa mahazo karama avy amin'ny Asity. Asa tena kely sady mandritry ny fotoana fohy. (fanampin'ny fambolena hazo indraindray). Asity nanome 50 000 Ariary (15 Euro) ho an'ny olona 2 eto an-tanàna saingy ny 50 000 Ar dia tsy ampy ary ny fanomezam-bola ho an'olon-droa fotsiny dia mbola tsy ampy ihany koa. Ny olona misy eo aminay dia ny fahafahanay mivelona ary ny fanomezana 50 000 Ar olona roa fotsiny dia tsy ampy.”

### Tsy voahaja ny zo ara-pomban-drazana momba ny fampiasàna ny ala

Tamin'ny 2011, ny IUCN sy ny Rio Tinto dia nanambara tao amin'ny tatitra nataony mikasika ny “Fanavasàna momba ny fanombanana ny firafitry ny harena voajanahary ho fitaovana mitondra amin'ny fiantraikany mahomby azo tsapai-tanana eo amin'ny harena voajanahary ao amin'ny sehatra fitrandrahana.” (9) Ao amin'ny toko “Fitsinjarana ireo vidiny sy ireo tombony” dia milaza ny tatitra fa : “Raha ireo fokonolona any ifotony no tsy mahazo onitra noho ny fatiantoka amin'ny tsy fahafahana mampiasa ny ala, raha tsy omena fidirambola ary vokatry ny ala hafa izy, dia ho ratsy ny vokatry ny fitahirizana ny tontolo iainana eo amin'ny fiainana maha-olona, hitombo ny fahantrana ka mety tsy ho tanteraka ny fiarovana ny ala



voaaro sy ireo harena voajanahary.”

Hoatry ny tsy narahana io hafatrafatra io tao amin'ny ala voaaro ao amin'ny faritra fanonerana harena voajanahary ao Bemangidy, ka ny fiatraikany dia mitovy amin'izay voalazan'ny tatitry ny IUCN sy ny Rio Tinto amin'ny fomba feno fahaiza-miteny.

*“Ny fisian'ny orinasa QMM dia tsy mitondra tombony ho anay mihitsy, ary ny fitrandrahana dia any ho any fa tsy mitera-bokatra ho anay. Tsy manana olana goavana afa-tsy iray izahay: tsy afaka mamboly mangahazo eny antendrombohitra izahay. Olona vitsivitsy avy ao an-tanàna no nandray anjara tamin'ny fambolena hazo, ka nokaramaina 3 000 Ar [1 euro] isan'andro. Ny vidin'ny mangahazo hiantohana sakafon'ny fianakaviana ao anatin'ny iray andro anefa 6 000 Ar [2 euros], hitanareo tsara amin'izany fa misy olana”, hoy ny mponina iray nandritry ny fivoriana niaraka tamin'ny fokonolona tao Antsofso.*

*“Nampidinina avy teny amin'ny vohitra daholo ny olona”*

Nisy solontenan'ny Asity nanazava hoe nahoana ny ONG no tsy mahita antony hanomezana onitra : ny ala dia nambaran'ny governemanta fa faritra voaaro talohan'ny fanombohan'ny tetikasa fanonerana harena voajanahary. Ny resaka zo ara-pomban-drazana dia tokony ho efa voalamina tamin'ny fotoana nanorenana ny faritra voaaro, ka araka ny hevitra ny Asity, dia tsy tokony hisy olona nanana tanim-boly na trano intsony tao anaty ala tamin'ny fotoana nanombohana ny tetikasa fanonerana.

Tena manahirana io fomba fijery io satria io fikambanana Asity io ihany sy ny Rio Tinto no nanao ny fomba rehetra ahatonga ny ala ho voalaza fa faritra voaaro talohan'ny nanomezana

ny Rio Tinto QMM ny tapany atsinanana mba hanatanterahany ny tetikasa fanonerana harena voajanahary. Niady ho an'ny fanomezana onitra ara-drariny ve izy ireo tamin'ny nivoaka ny didy milaza fa faritra voaaro io ? *“Efa ela ny ala no faritra voaaro, fa tena tsy misy tombotsoa ho anay izany. Ny famindràna ny fitantanana ny ala voaaro dia tokony ho nahafahanay nahazo vola kely avy amin'ny fampiasana ny ala. Amin'izao fotoana izao anefa, tsy maintsy mandoa saram-pidirana ny olona, ary sara-panapahana raha toa ka mila hazo hanamboarana trano. Inona izao no fifandaminana misy eo amin'ny QMM sy ny sampan-draharahan'ny Ala ary Asity? Tsy fantatray. Ny fantatray dia tsy mbola nahazo tombony na inona na inona avy amin'ny fiarovana izahay. Raha misy, dia tsy hitanay. Eo andanin'izany kosa dia voarara daholo ny zava-drehetra”, hoy ny tantsaha iray.*

Nandritry ny fitsidihina iray tao amin'ny toerana eo an-dalam-pamerenana ao anatin'ny fanonerana harena voajanahary ao Bemangidy-Ivohibe, dia nanazava olana maro momba ny fampiasana ny tany sy ny zo ara-pomban-drazana tsy mbola voavaha ny mponina;

*“Marina fa tsy vita titra ireo tany ireo saingy misy hazo ao ary efa nampiasanay hatramin'ny andrôn'ny razambenay tany aloha tany. Koa noho izany, na dia an'ny Fanjakana aza ny tany, raha efa nampiasain'ny olona iray, dia tokony nangataka alalana avy amin'ny olona mampiasa azy izy ireo, saingy tsy natao izany. Tsy mampaninona anay ny namboly hazo, tsy manohitra izany izahay ary izahay mieritreritra fa zavadehibe izany nefa ny olana fototra eto aminay dia ny sakafon'ny ahafahanay mivelona.”*

Tamin'ny fivoriana iray tao amin'ny tanàna, dia nahare izahay fa ny tantsaha iray dia manana

zo ara-drazana amin'ny tany izay nanombohan'ny Asity fambolena fanarenana. Nampiasa an'io tany io izy nanaovany fambolena akondro, vary ary mangahazo, ary rehefa tsy nahazo nanao izany intsony, dia namboly zanaka gmelinas mba ahazoana hazo hanaovana afo sy fanaka. Efa voavoly ny hazo nony tonga ny Asity sy ny Rio Tinto nifidy ilay tehezan'ny tendrombohitra mba hambolena hazo avy ao an-toerana ao amin'ny fanonerana zavaboahary – tafiditra tao anatin'izany ny saha nisy ny zanaka-gmelinas. Ny fisian'ny zanaka-gmelinas dia mampiseho fa nampiasa ilay tany ilay tantsaha, ka tokony ho nahazo onitra izy noho ny fahaverezan'ny zony ara-pomban-drazana hampiasa ny tany, ary ny ONG na ny orinasa tokony nanatona azy hifampiraharaha. “Tsy nahazo izy na ariary aza !”. Ireo tantsaha dia mbola nanazava ihany koa fa nampahatsiahivin'ilay olona ny mpiasan'ny ONG isaky ny mahita azy ireo izany, saingy mbola tsy nahazo fanonerana izy hatramin'izao ary tsy afaka mampiasa ny hazo namboleny ao amin'ny toerana izay lasa faritra fanonerana harena voajanahary an'ny Rio Tinto QMM ao Bemangidy.

Sady tsy manonitra ireo fampiasana ara-pomban-drazana ny tany ny tetikasa no niantehatra tamin'ny asa tsy nandoavambola nataon'ireo tantsaha. Tao amin'ny faritra fanarenana izay notsidihinay dia nahagaga ny nahita zana-kazo marobe vao novolena ka tena naniry tsara. Tamin'ny resadresaka nifanaovana niaraka tamin'ireo tantsaha, no nahalalanay ny antony maha maro ny zanakazo velona : nasaina nanondraka ny zanakazo ny olona ary nanao izany Nanomboka tamin'ny 2014 anefa, dia tsy nisy nahazo karama tamin'izany ireo olona manondraka ireo zana-kazo, eny fa na dia ny mpiandraikitra ny faritra fambolena ny zana-kazo aza.

Ny fandaniana fotoana sy ny ezaka tsy misy karama ataon'ny fokonolona dia mampiseho fa mahaliana azy tokoa ny asa fanarenana ny ala. Saingy ny fomba nanaovana izany fanarenana sy fandrarana ny fampiasana ara-pomban-drazana ny ala izany, izay an-katerena fotsiny, dia mamela ny vondron'olona any ifotony hijaly, araka ny tenin'ny mponina avy ao amin'ny tanàna nandritry ny fivoriam-pokonolona :

*«Tena mijaly izahay satria voatery nijanona tsy namboly ary intsony. Nifindra namboly any amoron'ny ranomasina izahay, saingy feno fasika loatra ny tany ka sarotra dia sarotra ambolena na inona na inona. Ankoatr'izay, nalain'izy ireo ny taninay nefa tsy nomeny fanonerana izahay. Nilaza izy ireo fa hanome saingy tsy nanao izany hatramin'izao. Nanome fampindramambola kely hananganana tetikasa ho an'olona 10 eo eo izy , 60 000Ar (18 euros) isanisany, saingy tsy ahavitana tetikasa maharitra izany.»*

*“Mieritreritra izahay fa tena tsara ny fiarovana ny ala, saingy tokony ny fiainanay aloha no neritreretiny voalohany, tokony nampianarin'izy ireo ny fomba fambolena amin'ny tany hafa izahay. Nanomboka tamin'ny nahatongavan'ny Asity taty, dia niharatsy noho ny teo aloha ny fiainanay. Mihena mihena hatrany ny fari-piainanay. Marina fa tokony hieritreritra momba ny hoavinay izahay. Nefa kosa ahoana ny hitsinjovanay ny hoavy raha tsy manana zavatra hohanina androany ? Raha tsy afaka manana sakafo hohanina izahay? Fantatray fa ilaina ny fiarovana ny ala satria tsy manan-javatra afa-tsy ny ala izahay. Nefa izany dia mbola nalainy taminay koa.”*

## 2. Inona no atao hoe fanonerana harena voajanahary ?

---

*‘Offset’ dia midika fampifandanjana, fanonerana. Ny foto-kevitra fototra ambadik’io dia raha manimba ala 4 000 hektara ny orinasa mpitrandraka iray dia tsy maintsy miaro ala 4 000 hektara any amin’ny toeran-kafa, ary ny ala natao hanonerana io fanimbana io dia tokony hitovy araka izay azo atao amin’ny ala izay nosimbana, raha ny karazana tsy misy any amin’ny toeran-kafa (espèces endémiques) no jerena.(10)*

---

### Ny fanorenana harena voajanahary – fahalalàna fototra vitsivitsy

Ny orinasa iraisan’ny firenena maro (transnationales), izay miandraikitra fitrandrahana harena ankibon’ny tany, fambolena vokatra tokana amn’ny velarantany midadasika sy manamboatra fotodrafitrasa goavana, ny banky iraisampirenena, ny ONG iraisampirenena miaro ny tontolo iainana ary ireo governemanta miha-maroko hatrany dia mampihatra amin’ny fomba mitombo hatrany paikady antsoina hoe “fanonerana harena voajanahary”.

Milaza izy ireo fa manampy amin’ny fiarovana ny zava-manan’aina isankarazany satria isaky ny hektara iray amin’ny ala na saha na honahona izay simba nohon’ny fitrandrahany,

dia misy ala na saha na honahona iray hektara kosa izay arovana na arenina any amin’ny toeran-kafa.

Ny vokany, araka ny voalazan’ny mpiaro ny fanonerana harena voajanahary, dia any amin’ny farany, tsy misy harena voajanahary very (Izany hoe : aotra ny fahaverezana afa-karatsaka) : mba ahatonga ilay tetikasa hizotra toy ny “fanonerana” harena voajanahary, dia tokony haseho fa ny harena voajanahary amin’ny toerana iray dia saika simba raha tsy nisy ny fandraisana an-tanana nataon’ny tetikasa fanonerana. Tsy izany ihany anefa no fanazavana ny atao hoe “fanonerana” harena voajanahary.

Ny fanazavana hafa koa dia ity fanonerana harena voajanahary ity dia anisan’ny fironana (tendance) amin’ny fananganana politika fitahirizana ny tontolo iainana mirona amin’ny tombotsoan’ny orinasa, izay miteraka fanovàna lehibe ao amin’ny fanoritana ny pôlitika sy lalàna mikasika ny tontolo iainana. Ireo fanovàna ireo dia manamora ny fanohizan’ny orinasa ny fandotoana na ny fanimbana ny harena voajanahary, satria izy hanana fomba ahafahana “mampifandanja” na “manonitra” izany any amin’ny toeran-kafa.

## Ny fanonerana sy ny fiovan'ny toetr'andro

**N** Ny hevitra “hanonitra”na hampifandanja ny fanimbàna natao any amin'ny toeran-kafa dia nekena teo amin'ny lafiny iraisam-pirenena rehefa nampidirina tao amin'ny fifanarahana'i Kyoto (protocole de Kyoto) ny fanonerana ny karbônina, io dia fifanarahana eo anivon'ny Firenena mikambana, izay mametra ny fandefasana etona mangeja ny hafanana (gaz à effet de serre) any amin'ny tany mandroso ara-indostrialy. Ny fanolorana alàlana “hanonitra” ireo fandefasana etona ny orinasa miasa ao amin'ny tany mandefa etona mangeja hafanana izay voafetra dia midika ho fanomezana alàlana azy handefa eton'ny diôksidana karbônina mihoatra ny eken'ny lalàna, sy ahafahana manambara foana fa nanaja ny fetra voalazan'ny lalàna izy.

Ny tena hevi-dehibe dia ny orinasa izay efa nampiasa ny anjara fandotoana azony atao, dia afaka mividy “trosa”-na fandefasana etona fanampiny any amin'ny orinasa hafa izay tsy nahavita ny fandotoana azony natao.

Amin'ny tranga sasany, ny orinasa iray izay te-hihoatra ny anjara fandotoany dia afaka mividy trasa karbônina (crédits-carbone) amin'ny tetikasa izay manambara fa nahavita tsy namoaka diôksidana karbônina anatin'ny atmosfera. Ireny tetikasa ireny no antsoina hoe tetikasa “fanonerana”. Isaky ny iray (1) taonina amin'ny diôksidana karbônina “voatsitsy” noho ny tetikasa fanonerana, dia mahazo “trosan'ny karbônina” (crédit carbone) iray ny tompon'ily tetikasa izay azony hamidy amina orinasa izay maniry hampiasa mihoatry ny anjara etona mangeja hafanana azony atao araka ny lalàna. Ny mpividy ilay “onitra” dia afaka mamoka diôksidana karbônina iray taonina fanampiny sy milaza fa tsy misy fiantraikany ratsy amin'ny toetr'andro izany. Afaka milaza izany izy satria ilay fandefasana etona fanampiny – na dia mihoatry ny fetra ara-dalàna aza – dia “nonerana” na nampifandanjana tamin'ny diôksidana karbônina iray taonina izay tsy niparitaka ao amin'ny atmosfera fa azo

antoka fa niparitaka kosa raha tsy nisy ilay tetikasa “fanonerana”

Izay no hevitra fototra momba ny fanonerana, saingy misy olana marobe ao anatin'io.

Ohatra, ny tompon'ny tetikasa “fanonerana” dia tsy maintsy manaporofa fa, raha tsy naka fepetra samihafa izy, dia niparitaka tany amin'ny atmosfera ny diôksidana karbônina. Any amin'ny adi-hevitra teknika momba ny “fanonerana” dia “fanovonana” (“additionnalité”) ny fihenana'ny fandefasana etona no fiantso an'izany. Ny olana dia tena eritreritra momba ny mety ho zava-misy (hypothétique) tsotra izao ny fahafahana manaporofa ny “fanovonana”. Mitaky famariparitana ny zavatra mety hiseho any aoriana raha ohatra tsy nisy ny tetikasa “fanonerana” izany. Nisy anefa ilay tetikasa “fanonerana”, hany ka eritreritra momba ny mety ho zava-misy any aoriana ny firesahana ny ampitso tsy misy azy ka mora ampiasaina araka izay irin'ny mpiresaka.

Fanampin'izany, satria ny isan'ny “trosa

fanonerana” (crédits de compensation) azon’ny tetikasa fanonerana hamidy dia kajiana amin’ny fampitahana ny fandefasana etona manafana tena misy amin’ny isany izay mety ho nisy raha toa ka tsy nisy ilay tetikasa fanonerana, dia arakaraky ny maha-lehibe ny fandefasana etona ao amin’ilay kajy momba izay mety ho zava-nisy, no maha lehibe koa ny fitsitsiana fandefasana etona vita ao amin’ilay tetikasa fanonerana tena misy, sy mahamaro ny onitra karbônina (crédits-carbone) azo hamidy (11). Nisy nampiseho fa io fandehan-javatra io dia miteraka famporisihina ratsy ho an’ny tompon’ny tetikasa, izay vonona hanambara fa ho ambony manokana foana ny fandefasana etona ao amin’ny tranga hoavy mety ho nisy (“futur hypothétique”).

Ny “vokatra” ifanakalozana eo amin’ny tsenan’ny karbonina dia tena samihafa amin’ny vokatra amidy eny amin’ny tsena hafa. Ny fifanakalozana “onitra-karbonina” (crédits-carbone) dia fifanakalozana laharana dikanteny elektrônika (“numéro de code électronique”) mifandray amin’ny antoka omen’ny

mpitsara iray izay milaza fa nisy **zavatra tsy niseho**, ohatra hoe misy diôksidana karbônina iray **tsy nandeha nivoaka** any amin’ny atmosfera. Tsy misy zavatra azo tsapain-tànana mifindra tànana. Ny “vokatra” ifamarotana dia ny tsy fisian’ny fandefasana etona. Noho izany, ny tsenan’ny karbônina dia tena lasibatra tonga lafatra ho an’ny mpisoloky (12).

Ny fahafahana manohy ny fandraharahana toy ny mahazatra sady milaza fa tsy misy voka-dratsy satria ny fanimbàna ny harena voajanahary amin’ny toerana iray dia onerana amin’ny famerenana any amin’ny toeran-kafa dia nahatonga ny hevitra momba ny “fanonerana” halaza sy hankasitranan’ny orinasa mpitrandraka. Manampy azy ireo hahazo fahazahoandalana hitrandraka avy amin’ireo governemanta mety ho sahirana nanome azy alalana raha tsy nisy an’izay noho ny fanimbana izay hataony amin’ny fitrandrahany ny ala, ny saha midadasika fiompiana (prairie), ny farihy tsy fahita firy, izay mety ho anatin’ny faritra voaaro. Na ny tany efa fananan’ireo mponina nipetraka teo hatry ny ela (peuple indigène) na efa nampiasain’ny

vondron’ny mponina any ifotony izay mety tsy hanana io tany io intsony nefa ianteheran’ny fiainany. Raha afaka manambara ny orinasa fa ny zavatra rehetra simbainy any amin’ny toerana iray dia hareniny ary harovany any antoeran-kafa, dia mety ho mora aminy ny handresy lahatra ny governemanta sy ny mponina fa tokony homena alalana hiroso izy.

Ny laminasa fanonerana harena voajanahary dia be mpikaroka hatrany koa satria manampy amin’ny fahazoana fandaminana asa sy fahitana famatsiambola ho indramina. Raha misy, ohatra, orinasa iray mangataka hindrana vola amin’ny Société Financière Internationale (SFI) izay sampan’ny Banky Iraisampirenena, mba handavahana toeram-pitrandrahana amin’ny toerana heverina fa manan-danja araharena voajanahary, dia tokony mampiseho drafitra fanonerana harena voajanahary izy. Io laminasa io dia tsy maintsy manambara ahoana no mety ho fandehan’ny fanonerana ny harena voajanahary izay ho very, alohan’ny ahafahan’ilay tetikasa fitrandrahana mahazo vola indramina.(13)

Mazava ho azy fa manintona ny mpitondra fanjakana koa io zava-misy vaovao io. Anatin'ny fotoana fohy, ny fanonerana harena voajanahary dia anisan'ny lalana iray hivoahana amin'ny olana izay atrehin'izy ireo : ho an'ny mpitondra fanjakana, ny fanonerana izay atao sosokevitra – dia sady hampifandanjana ny fahaverezan'ny harena voajanahary sy ny ala, ny fahaverezan'ny karbônina sy ny rano madio – no ahafahan'ny mpitondra fanjakana mamaly ny mponina mitaky fepeetra famerana ny fandotoana sy ny fanimbana. Ankoatr'izay, dia ahafahan'izy ireo ihany koa manome zo ny orinasa tsy hiraharaha ny famerana any amin'izay toerana kasainy hitrandrahana harena ankibon'ny tany fa hanimba na handoto amin'ny fomba hafa, na ohatra aza izany mihoatry ny fetra lazain'ny lalana. Ny hany zavatra iray tsy maintsy ataony, dia mividy trosa amin'ny fanonerana ny harena voajanahary (na famerenana ala, na rano madio, na karbônina) izay mampiseho fa nandoa vola izy ho an'ny famerenana na fiarovana ala iray na honahona na

saha misy bozaka maniry any amin'ny toeran-kafa. Amin'izao fotoana izao, mihoatry ny 25 ny firenena izay efa nahavita na eo am-panamboarana lalana mampiditra fomba fanonerana amin'ny lafiny samihafa. (14)

**Voampanga amin'ny tsy marina ho mpanimba ny harena voajanahary ny vondron'ny mponina any ifotony**

Mba ahafahana manainga tetikasa fanonerana harena voajanahary iray, dia tsy maintsy mandresy lahatra ny tompon'ny tetikasa fa hiaro sy hanatsara ny harena voajanahary eo amin'ny toerana izay mety ahapotika azy raha tsy misy an'ilay tetikasa. Inona no hataon'ilay tetikasa mba ahatonga ilay harena voajanahary hihatsara any amin'ny farany miohotra amin'izay mety ho nisy raha tsy nisy ilay tetikasa? Ohatra, hataony ve izay tsy aha-voakapa ny ala ? Haveriny amin'ny laoniny ve ny ala voalaza fa “nihasimba” (dégradée), izay raha tsy izany dia tsy nokarakaraina ? Mba ahafahana miantso

ilay tetikasa hoe “fanonerana” dia zava-dehibe ny fahafahan'ny tompony manaporofa fa raha tsy nisy azy dia ho notandidomin'ny fahapotohana ny harena voajanahary. Ny fanambaràna fa ny tetikasa no “hamonjy” ilay harena voajanahary tandindomin-doza no miteraka ny onitra ho an'ny harena voajanahary (“crédit de la biodiversité”). Avy eo kosa, io fanambaràna io no manampy ny orinasa ho afaka hividy onitra amin'ny fanonerana (crédit de compensation) ny fanapotohana ny harena voajanahary any amin'ny toeran-kafa, sy hilaza fa rehefa natao ny kajy rehetra, dia tsy nisy nahaverezana ny harena voajanahary.

Eo amin'ny fotoana haminavinana izay mety ho niseho raha tsy nisy ilay tetikasa “fanonerana”, dia matetika mihitsy no ny fomba fampiasan'ny vondron'ny mponina ifotony ny tany no voampanga amin'ny tsy rariny. Amin'ny ankapobeny, toy izao no fisehon'ny tantaran'ny fanonerana ny harena voajanahary (na ny karbônina) : *“Ny fambolena mifindrafindra na ny fanapahana hazo fanaon'ny vondron'ny mponina any ifotony dia ho*



*Tsy azo hidirana / Tsy azo hanjonoana / tsy azo hihazàna / Tsy azo hambolena / Ala voaaro*

*nanimba ny ala tanteraka afaka X taona ho avy, fa ny tetikasa fanonerana afaka hanavotra azy*". Mandeha manazava amin'izay ireo tompo'ny tetikasa fanonerana , any anatin'ny tatitra fampirantiana ilay tetikasa, ahoana ny fomba hampitsaharany ny fomba fambolena nentim-paharazana na ny fampiasana hazo ho an'ny filàna ao an-toerana, na ahoana ny fomba hamerenany ny tany izay nosimbain'ny fampiasana ao an-toerana.

Io fihetsika manameloka ny vondron'ny mponina any ifotony io dia tsy tongatonga foana : tena lafiny fototra amin'ny tetikasa fanonerana ny harena voajanahary io.

Raha dinihina tokoa, dia raha ohatra ny ala azo notehirizina tsy nisy ny fandraisan'anjara fanovonana, dia ho tsy nisy antony nanambaràna fa ho avy hanavotra ny harena voajanahary tandindomin-doza ny tetikasa. Izany no mahatonga ireo tetikasa fanonerana hilaza matetika fa ho potehin'ny mponina ny ala ka ny tetikasa fanonerana no hanakana an'izany fanapotohana izany. Kajiana avy eo firy ny harena voajanahary ho voavonjy dia misy orinasa mpanao fanamarinana (société d'audit) tonga manamarina fa, araky ny fahalalàna nomena azy, dia namonjy X hekitara –na toerana


manan-danja ho an'ny harena voajanahary (na ny karbônina, na rano madio, na ny ala naverina amin'ny laoniny). Misy "onitra ho an'ny fanonerana" (crédits de compensation) havoaka avy eo, izay azon'ny tompo'ny tetikasa hamidy, amin'ny orinasa mpitrandraka harena ankibon'ny tany ohatra.

Noho izany, ny ankamaroan'ny tetikasa fanonerana dia manova – ary matetika mametra – ny fahafahan'ny mponina ao an-toerana mandia amin'ny tany sy mitrandraka azy. Voatery manao izany izy, satria voatery mampiseho fa niova ny fampiasana ny tany ary ireo fanovàna ireo dia nentin'ny

tetikasa fanonerana. Matetika, ireny fanovàna ireny dia miseho amin'ny alalan'ny famerana ny fahafahan'ny vondron'ny mponina any antoerana mandia sy miasa amin'ny toerana samihafa. Mandritra izay fotoana izay anefa ny fanapotohana amin'ny fomba goavana ateraky ny asan'ireo orinasa dia mizotra tsy misy manelingelina.

Efa niaraha-nahita fa ny tetikasa fanonerana samihafa izay miteraka onitra ho an'ny "karbônina momba ny ala" na ny "REDD" (15) dia efa nandroaka ny mponina tao antoerana na nandrara ny tantsaha na ny mponina voalohany tao antoerana ("peuples indigènes") tsy hiditra an-kalalahana anatin'ny ala. (16)

Tsara koa ny mampahatsiaro fa ny orinasa dia tsy mividy ny harena voajanahary (na ny rano madio, na ny karbônina, na ny ala voaverina) : tsy mividy afa-tsy taratasy na laharana dikanteny elektrônika ("numéro de code électronique") izay maneho ny harena voajanahary (karbônina, rano madio sy ny sisa) izay voavonjy tao amin'ny "toerana fanonerana" izy. Afaka mandeha mampiseho iny laharana iny ny



*Hitako ny hoavy tena ahazoa-nareo tombontsoa avy amin'ny alanareo !*

manam-pahafana ao amin'ny fanjakana na amin'ireo rafitra mpamatsy vola, toy ny SFI anatin'ny Banky Iraisam-pirenena ilay orinasa hanaporofoina fa nanonitra ny fanapotohana harena voajanahary izy.

Araka ny aschon'ity fiaraha-mijery fohy ny lafiny lehibe indrindra ity, dia ampiasaina ny fanonerana harena voajanahary mba hampanekena ny fanapotohana mafonja sy tsy mitsahatra vokatry ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy ny asa indostrialy hafa midadasika. Fanampin'izany, ny fanonerana harena voajanahary dia matetika miteraka foana fangoronan-tany avo

roa heny, satria ireo orinasa voakasika dia mandroba ny tanin'ny vondron'ny mponina amin'ny toerana roa raha kely : ny iray ho an'ny fitrandrahana na ny fambolena na ny foto-drafit'asa ho an'ny fampandrosoana imasoana, ny faharoa hanatanterahana ny tetikasa fanonerana harena voajanahary.





# 3. Ny tetikasa fanonerana harena voajanahary ao anatin'ny paikadin'ny Rio Tinto

---

## Iza moa ny Rio Tinto ?

Ny Rio Tinto dia orinasa mpitrandraka harena ankibon'ny tany iarahan'ny Anglisy sy Aostralianina ary manana ny foibe-toerany ao Londres, Royaume Uni. Ny Rio Tinto dia miasa amin'ny fitrandrahana vy, varahina, bauxite, aluminium, saribao ary diamondra any amin'ny kontinanta enina. Marobe ny fifanolanana mifandray amin'ireo asa ireo. Ohatra ny fitrandrahana any Bingham Canyon any Utah, any Etazonia, dia fitrandrahana an-kalamanjana izay midadasika sy lalina indrindra eto an-tany. Tsy misy fitrandrahana hafa mañana an'io habe io na mahakasika olona miisa 1,8 tapitrisa. Ao amin'ny fitrandrahana ao Eagle Mine ao Michigan any Etazonia ny Rio Tinto dia torian'ny olona ho manimbazimba ny zo momban'ny asa anatin'ny fifanarahana momba ny mponina voalohany teo (antsoina hoe "indigènes"), ka niteraka fitaintainana mafy mikasika ny kalitaon'ny rano, ny mety ho fisian'ny akora asidra tsy azo ovaina intsony, ny fahasimban'ny rohivoahary ("écosystème") ary ny ahiahy ara-teknika momba ny mety hampihotsaka ilay toeram-pitrandrakana. (17)

Ny fananan'ny fitambaran'ny orinasa mikambana ao anatin'ny Rio Tinto (actifs bruts) dia 81 miliara dôlara amerikana, anatin'ny rohin'ny orinasa sy ny sampany mifamatopatotra.

Nanambara izy tamin'ny taona 2013 fa nahavita tombom-barotra 3,3 miliara dôlara amerikana afa-karatsaka avy amin'ny varotra mitentina 56 miliara dôlara amerikana. Amin'ity taona ity izany, ny varotra vitany dia mahatratra in-enin'ny Harin-karena Faobe na PIB-n'i Madagasikara.

Toy ireo orinasa mpitrandraka hafa, ny Rio Tinto dia liana be tokoa amin'ny fanonerana harena voajanahary, noho ny antony izay nazavaina tery aloha. Tamin'ny taona 2004, nandritry ny Kongresy iraisam-pirenena fahatelon'ny UICN izay natao tany Bangkok, dia nampiseho ny paikadiny momba ny fiarovana ny harena voajanahary ny Rio Tinto ary nanome toky fa hanatratra ny "fiantraikany mahomby azo tsapai-tanana" ("impact positif net") ao amin'ny harena voajanahary amin'ny asa rehetra sahaniny. (18)

## Ny Rio Tinto sy ny fanonerana harena voajanahary : indray mitopi-maso amin'ireo asa atrehiny

**N**ambaran'ny Rio Tinto ny paikadiny momba ny fiarovana ny harena voajanahary nandritry ny Kongresy iraisam-pirenena fahatelon'ny UICN izay natao tany Bangkok, tamin'ny taona 2004.

Anisan'ny paikady ny fampiasàna ny fanonerana harena voajanahary mba hampifandanjana ny vokatra ratsy ara-ekôlojikan'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany any amin'ny toerana marobe izay ampiarahan'ny orinasa izany. Ny boky kely fampielezan-kevitra ny Rio Tinto sy ny mpiara-miombon'antoka aminy notanterahina ho an'ny fitrandrahana any Simandou any Ginea, Oyu Tolgoi any Mongolia, ny an'ny QMM any Madagasikara, ny an'ny Rössing any Namibia, ny an'ny Palabora any Afrika atsimo, sy any amin'ny toerana samihafa any Aostralia. Ho an'ny fanomanana sy fanatanterahana ireo tetikasa ireo, dia nametraka fiaraha-miasa tamin'ny fikambanana mpiara-miombon'antoka sy manam-pahaizana amin'ny sehatry ny mpiasa fakan-kevitra (na "consultants"), momba ny fiarovana ny harena voajanahary sy ny fampivoarana ara-sosialy izy. Ankoatry ny tranga mikasika ny fitrandrahana ao Oyu Tolgoi sy Fort-Dauphin, dia tsy misy vaovao ni-voaka mihitsy momba ny toerana misy ireo tetikasa fanonerana ny harena voajanahary amin'izao fotoana izao.

### Ny Rio Tinto ao Mongolia

Ny fitrandrahana anaty lavaka ankalamanjana ao Oyu Tolgoi (OT) no fampiasam-bola momba ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany lehibe indrindra nahazo alàlana tany Mongolia. Ny Rio Tinto dia mifehy 66%-n'ny fitambaran'ny orinasa ("joint ventu-

re") najoro hitantana ny Oyu Tolgoi. Mitentina eo ho eo amin'ny 10 miliara dôlara eo ny tetikasa ary andrasana ho 30 isanjaton'ny Harin-karena Faobe ao Mongolie io fitrandrahana io. Ny fanombanana ny fiatraikany ara-tontolo iainana sy ao amin'ny drafitra fitantana harena voajanahary mikasika ilay toeram-pitrandrahana, izay napetraka hanaraka ny toro-làlana avy amin'ny The Biodiversity Consultancy of Cambridge, dia miresaka momba ny tetikasa fanonerana harena voajanahary. Ny fanombanana ny fiantraikan'ny tetikasa ara-tontolo iainana dia neken'ny minisiteran'ny tontolo iainana Mongol tamin'ny 2013, rehefa novain'ny governemanta ny lalàna mikasika ny tontolo iainana teo ambany fanoroan-kevitra ny Banky Iraisaipirenena. Lafiny iray lehibe tamin'io fanavaozana io ny nampidirana ny fanonerana harena voajanahary. Ireo mpanohana ara-bola ny tetikasa dia nanoritsoritra drafitra fanonerana harena voajanahary izay misy fepetra roa (2) manokana : ny drafitra fanaraha-maso ireo karazana biby tandindomin'ny fahalaniana tamingana ao anatin'ny faritra ny tetikasa (ny khulan, ny gazella mainty rambo ("gazelle à goître") sy vorona vitsivitsy) – ary ny drafitra tsy fahafahana mihaza na mamono biby amin'ny fomba tsy ara-dalàna, izay andraisan'ny manampahefana maromaro anjara.

Ny fanadihadiana nataon'ny fiaraha-monim-pirenena tamin'ny aprily 2015 dia nahita fa ny tetikasa fanonerana harena voajanahary dia mbola eo andalam-panomanana ka ho lavitra ny fanatanterahana azy. Ny fitrandrahana anefa efa eo am-pamokarana nanomboka tamin'ny Janoary 2013. Ankoatr'izany, ny tetikasa fanonerana dia tsy hanalefaka na ny fiantraikan'ny

fampiasana rano be amin'ny fivondronan'ny mpiompy mifindra toerana ao amin'io faritra toy ny efitra io, na ny fiantraikan'ny fitrandrahana eo amin'ny lafiny sosialy na hiainga aza ilay tetikasa any aoriana any. Tsy nahavita nampiseho ny orinasa hoe ahoana no hanakanany fa ny fampiasana be loatra rano ho an'ny famokarana harena an-kibon'ny tany sy ny foto-drafitrasa mifandray amin'ny tetikasa dia hananosarotra ny hananan'ny vondron'ny mponina mpiompy mifindra toerana rano.

### Ny Rio Tinto any Ginea

Any amin'ny Repoblikan'ny Ginea no misy ny fitrandrahana vy -n'i Simandou. Ny tetikasa dia misy ny faritra fitrandrahana, ny lalam-by vaovao matakivaky an'i Ginea (Transguinéeen) ary ny seranan-tsambo amin'ny rano lalina ao Moribaya, izay seranantsambo voalohany ao Ginea afaka handray sambo lehibe mpitatitra entana ahavita ny fitaterana ny akoram-by. Ny mpiara-miombon'antoka amin'izao fotoana izao amin'ny orinasa Simfer S.A. mitrandraka ny harena ankibon'ny tany dia ny governemanta gineana (7,5%), Rio Tinto (46,57%), Aluminium Corporation of China (Chinalco 41,3%), ary ny Société Financière Internationale (SFI, 4,625%). Ny Rio Tinto no mitantana ny tetikasa.

Rio Tinto dia miresaka momba ny fiaraha-miasan'ny Fauna & Flora International (FFI) tamin'ny fanehoana hafatrafatra manokana momba ny toeram-pitrandrahana mba hialàna, hanalefahana, hanavaozana ary hanonerana ny fiantraikan'ny fitrandrahana eo amin'ny tontolo iainana, fa tsy milaza na inona na inona manokana kosa momba ny toerana misy ny fanatantehana ny fanonerana (19). Tamin'ny taona 2009, nandritra ny fotoana fanaovana fanadihadiana mialoha mahakasika ny mety ho fetezan'ny tetikasa, dia

nahita loza mananontanona avo lenta mety haningotra ny harena voajanahary ny The Biodiversity Consultancy Cambridge, teo am-panombanana ny fiantraikan'ny asa fitrandrahana amin'ny "zava-misy manokana tokony ho arovana". Ny tombana momba ny fiantraikan'ny tetikasa Simandou amin'ny lafiny tontolo iainana sy sosialy dia nanome tsindrim-peo ny paikady mikasika ny fiarovana ny harena voajanahary sy ny fepetra ho an'ny fiantraikany mahomby napetraky ny Rio Tinto. Eo ami'ny sehatry ny harena ankibon'ny tany sy ny tontolo iainana, dia maro ny mihevitra io fanombanana ny fiantraika amin'ny lafiny tontolo iainana sy ara-sosialy io ho toy ny modely (ohatra tokony halai-tahaka) saingy tsy manome vaovao mihitsy momba ny toerana misy ankehitriny ny asa mivain-gana momba ny fanonerana.

### Ny Rio Tinto any Namibia

Ny fitrandrahana uranium an-kalamanjana (na amin'ny fomba "ambany lanitra misokatra") Rössing dia iray amin'ireo lehibe indrindra sy tranainy indrindra eran-tany. Any amin'ny tany karakainan'ny Namibie, 65 kilometa-tra avy ao Swakopmund, akaikin'ny tanànan'i Arandis no misy azy. Hita tamin'ny 1928 ary nanomboka ny asany tamin'ny 1976 amin'ny maha-fitrandrahana uranium voalohany azy ao Namibia, ary namokatra 1543 taonina-na dioksidan'ny uranium tamin'ny 2014, izany hoe 2,3%-n'ny uranium eran-tany.

Ao Namibia ny Rio Tinto dia miora-miasa amin'ny Fauna & Flora International (FFI) sy ireo manam-pahaizana amin'ny fomba fahazoana vaovao ara-jeografika ("système d'information géographique", SIG) izay mandinika momba ny fahafahana "manonitra ny fanimbana ara-tontolo iainana" sy manatanteraka "drafitr'asa ho an'ny harena voajanahary". Toa ny ao amin'ny

fitrandrahana Simandou, ny rakitra samihafa izay miresaka ny fanaovan'ny Rio Tinto fanekena hanao fanonerana harena voajanahary dia tsy milaza na inona na inona momba ny toerana misy ny fanatanterahana ireo drafitr'asa fanonerana harena voajanahary voaresaka momba ny fitrandrahan'ny Rössing.

### Ny fitrandrahana fasimainty Rio Tinto QMM ao Fort-Dauphin (Tolagnaro), Madagasikara

Any atsimo-atsinanan'i Madagasikara, ao Taolagnaro/Fort-Dauphin, no toerana hitrandrahan'ny Rio Tinto QMM (Qit Madagascar Minerals) fasimainty ("ilménite"). Ny governemanta malagasy dia tompon'ny 20%-n'ny orinasa, ny 80% ambiny kosa dia fananan'ny Rio Tinto.

Tamin'ny taona 1980 tany ho any no nanomboka nitady fasimainty tany atsimo-atsinanan'i Madagasikara ny Rio Tinto. Ny QMM dia nijoro ara-dalàna tamin'ny 2005, rehefa nanapa-kevitra ny governemanta malagasy fa handray anjara hatramin'ny 35 tapitrisa dôlara amerikana amin'ny fanamboarana ny fotodrafitrasa ilaina amin'ny asa fitrandrahana ny fasimainty. Izany vola izany dia azo avy tamin'ny tetikasa "Pôle intégré de croissance à Madagascar"-n'ny Banky Iraisam-pirenena (Banque Mondiale) izay nikendry ny hanamafy ny fananana ara-bola, ny fanondranana any ivelany ary ny fivoaran'ny sehatra tsy miankina ao an-toerana. (20)

Ny faritra fitrandrahana azon'ny orinasa ("concession minière") dia midadasika eo amin'ny 6 000 hektara eo. Ny fasimainty dia hotrandrahana amin'ny toerana telo (3) – Mandena, Sainte-Luce ary Petriky – anatin'ny faritra izay lehibe indrindra ny sakany. Araka ny filazan'ireo tompony dia afaka mamokatra akoran'ny fasimainty hatramin'ny



Sarin-tany mampiseho ireo toerana ampiharana ny Drafitr'asan'ny Rio Tinto momba ny fanonerana ny voajanahary ao Madagasikara.

roa (2) tapitrisa taonina isan-taona ny toeram-pitrandrahana, izay mitentina eo amin'ny 100 dôlara amerikana eo ny hamarotana ny taonina. Ny akora dia aodina any Kanada rehefa avy ovaina ho dioksidana titàna, fitaovana fotsy ampiasaina amin'ny loko toy ny faritry ny kianja filalaovana tenisy, fitaratra fanangonana angovo avy amin'ny masoandro, famotsiana nify sns. Raha mitovy amin'ny amin'izao fotoana izao foana ny tinady, dia afaka hamokatra 9%-n'ny fasimainty eran-tany ny toeram-pitrandrahana ao Fort-Dauphin mandritry ny 40 taona ho avy. (21)

### Ny tetikasa fanoneran'ny Rio Tin-

## to QMM harena voajanahary

Nanapa-kevitra ny Rio Tinto fa ny toeram-pitrandrahana fasimainty ao Fort-Dauphin no ho tetikasa hanandramana ny paikadiny momba ny “fiantraikany mahomby azo tsapai-tàna”. Ny antony nisafidianana an’i Madagasikara dia noho ny fahitana ao ireo karazana harena voajanahary tsy manam-paharoa (karazana tsy hita any amin’ny toeran-kafa - “espèces endémiques”). Ankoatr’izay, i Madagasikara dia “toerana mavaivay” (“hot-spot”) ara-harena voajanahary tena manan-danja lehibe eo amin’ny lafiny iraisam-pirenena.

Anisan’ny antony iray nahatonga io safidy io koa ny loza manambana sy zavatra azo hatao tsikaritr’ireo fikambanana tsy miankina amin’ny fanjakàna mpiaro ny tontolo iainana eo amin’ny lafiny harena voajanahary. Afaka nieritreritra ny Rio Tinto fa ahazoany tombotsoa ny miseho ho mpiombonantoka amin’ireo fikambanana miaro ny tontolo iainana manan-kaja, mba hanoherana ny asa maharitra sady mavitrika filazana ny tsy fetezan’ny fitrandrahana fasimainty ao Fort-Dauphin ataon’ny fikambanana tsy miankina amin’ny fanjakàna (ONG) toa ny Amis de la Terre sy ny Panos (22). Amin’ny fifidianana io toerana io, ny Rio Tinto dia manantena ahazo antoka fa ny valinteny mody lazainy fa “maitso” amin’io asa maharitra sahanin’ireo ONG dia hisy akony lehibe eo amin’ny sarambabeny.

Ny Rio Tinto koa dia manome tsindri-peo momba ny anjara-birikiny eo amin’ny fisokajiana ny ala Tsitongambarika ho faritra voaaro araka ny didy navoakan’ny Fanjakàna (“décret”). Mahalana ny orinasa mpitrandraka harena an-kibon’ny tany iray no lasa tompo-daka amin’ny faritra voaaro.

Saingy afaka milaza ny orinasa fa raha

tsy nisy ny zavatra nataony, dia tsy ho lasa voaaro ilay ala ; ankoatr’izay, rehefa tafiditra tao amin’ny soso-kevitra ho toerana fanaovana fanonerana harena voajanahary ny fitrandrahana fasimaintin’ny QMM dia afaka niteny ny Rio Tinto fa raha tsy nisy ny zavatra nataony nanohana ny fanondroana ny ala ho faritra voaaro, dia mety ho efa potika ny harena voajanahary tao amin’ilay toerana izay ho lasa fanonerana harena voajanahary.

Nanomboka tamin’ny fotoana nahatongavany tao Madagasikara, dia nanomana ny fomba hanodinana ny fifantohan’ny saina amin’ny andraikiny amin’ny fanimbana ny ala tsy manam-paharoa manamorona ny ranomasina izy. Anatin’ny rakitra iray ohatra, dia manambara izy fa “ny fanafoanana ny ala ho an’ny fambolena ambony tany voadoro na ‘tavy’ sy ho an’ny fanamboarana ari-tany (“charbon”) no antony lehibe indrindra miteraka ny faharavan’ny toerana voajanahary marobe” (23). Ny fanambarana toy io dia nampiseho ny fampiasan’ny mponina ao an-toerana ny tany ho loza lehibe indrindra ho an’ny fitohizan’ny fisian’ny ala tsy manam-paharoa manamorona ny ranomasina ao anatin’ny faritra nomena hitrandrahan’ny Rio Tinto QMM (“concession minière”).

*“Madagasikara dia anisan’ny firenena manan-karena indrindra maneran-tany eo amin’ny lafiny harena voajanahary. Ny fahantrana anefa dia tsy manome ireo mponina any ifotony safidy hafa ankoatry ny fitodihana amin’ny harena voajanahary mba hivelomana. Io fanindriana mafy io dia miteraka fahasimban’ny toerana voajanahary marobe ka mahatonga an’i Madagasikara ho voasokajy ho faritra mena (toerana mavaivay) eo amin’ny fatahorana ho an’ny harena voajanahary”, hoy ny soratan’ny Rio Tinto any amin’ny rakitra hafa. (24)*

## Ny fombam-pitenenan'ny Rio Tinto QMM ny fanonerana harena voajanahary

**A**sesinay manomboka eto ka hatramin'ny pejy faha-35 ny voambolana ampiasain'ny Rio Tinto hanoritana ny singa samihafan'ny paikadiny ho fitehirizana ny harena voajanahary, sy ny rafitra mandray anjara amin'ny tetikasa fanonerana ny harena ankibon'ny tany.

Eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny Rio Tinto dia namelabelatra ny paikadiny hahatratrarana ny “fiatraikany mahomby azo tsapai-tànana” ho toy ny fitambaran-javatra mifampiditra sy mirindra misy sokajin'asa maro :

*“Mino izahay ao amin'ny Rio Tinto fa, mba ahazoana ny fiantraikany mahomby azo tsapai-tànana, dia tokony hahena ny fiatraikanay amin'ny harena voajanahary, amin'ny alalan'ny fisorohana, fampihenana, fanarenana, fanonerana ary ny asa fitahirizana fanampiny. Ny fitambaran'ireo asa ireo no antsoinay hoe “Ambaratongan'ny fepetra fanalefahana”. Nataonay ny ezaka farany lehibe indrindra mba hanatratrarana ilay fiantraikany mahomby azo tsapai-tànana amin'ny alalan'ny fampiharana ny fanonerana harena voajanahary sy ny fepetra fanampiny ho fitahirizana”. (25)*

Ny paikady dia miresaka fepetra “eo amin'ny toerana fitrandrahana”: izany dia asa atao ao anatin'ny faritra nomena ny Rio Tinto QMM hitrandrahany ary tantanan'ny orinasa mivantana. Ny teny “ivelan'ny toerana fitrandrahana” kosa dia natokana ho an'ny asa tanterahana any ivelan'ny faritra nomena ny Rio Tinto QMM

hitrandrahany. Ao anatin'izany ny toerana telo natokana ho an'ny fanonerana harena voajanahary, ary koa ho an'ny asa fanatanterahana ny andraikitra ara-sosialy ao amin'ireo tanàna anatin'ny faritra manodidina ny toeram-pitrandrahana. Tsy voaresaka anatin'ity tatitra ity ireo voalaza farany ireo.

Ny fanatanterahana ny tetikasa fanonerana harena voajanahary dia nomena iandraiketan'ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakàna miaro ny tontolo iainana, anisan'izany Asity (ao Bemangidy) sy Missouri Botanic Gardens (ao Mahabo).

### Ireo fepetra fiarovana ny toerana fitrandrahana :

“Fisorohana” dia midika fa misy ampahany amin'ny faritra fitrandrahanan'ny QMM tsy handalovan'ny milina mpitrandraka ny akora ambanin'ny tany (“drague”). Izany dia toy ny faritra tsy dia ahitana fasimainty loatra na sarotra ny fahazoana azy. Araka ny rakitra nataon'ny Rio Tinto, ny faritra fisorohana amin'ny faritra telo izay itrandrahany fasimainty (Mandena, Petriky, Sainte Luce) dia miampy 624 hekitara.

Araka ny Rio Tinto, ny “fampihenana” dia mampihena ny haratsin'ny fiantraikany eo amin'ny harena voajanahary noho ny fitrandrahana sy ny fanodinana harena ankibon'ny tany (...) izay efa miroso. Ireo asa ireo dia mampihena ny mety ho vokatra



*Fahitana avy eo amboniny ny toby fitrandrahan'ny Rio Tinto QMM fasimaintsy ao Taolagnaro (Fort-Dauphin, ao atsimo-atsinanan'i Madagasikara*

na havesatry ny fiantraikany eo amin'ny harena voajanahary, saingy tsy afaka manakana tanteraka azy ireo (...). Ohatra amin'ireo fepetra ireo ny fanentanana sy fampianarana ireo mpamily kamiao mba hanaja ny hafainganam-pandeha tsy azo hihoarana mba hampihena ny isan'ny lozam-piarakodia.

Araka ny filazan'ny Rio Tinto, ny "famerenana" ("réhabilitation") dia "mikasika ny fanomanana toetry ny faritany iray ho azo antoka sy mari-toerana eny amin'ny toerana izay voakorontan'ny asa fitrandrahana, arahin'ny fametrahana zava-maniry mba hampivoatra karazana toerana iray". "Fanavaozana" ("restauration") no teny fampiasa rehefa ilay zava-nisy teo teo aloha no averina toy ny foronina indray. Raha ny tena zava-misy, dia fambolena karazan-java-maniry avy any amin'ny tany hafa (indrindra fa kininina, acacia, casuarinas, ary gmelinas) eny amin'ny toerana efa nolalovan'ny milina fangalàna akora ("drague") sy efa potiky ny fitrandrahana fasimainty ny ala mamorona ranomasina efa nanify.

Ny karazan-kazo avy eo an-toerana kosa no hampiasaina hanavaozana ny faritry ny ala izay mody lazaina hoe nikoroso fahana tao anatin'ny faritra nomena ny orinasa, eny amin'ny toerana izay tsy hitrandrahana. Manodidina ny karazany misy eo an-toerana ary miisa 44 no nambolena, niainga tamin'ny voan-javatra nangonina teo amin'ny saha nodiovin'ny milina fitrandrahana.

#### **Fepetra eny ivelan'ny faritra fitrandrahana :**

Ny "asa fitahirizana fanampiny" dia mandrakotra karazana asa samihafa mikendry ny hanome tombony ny harena voajanahary, izay sarotra ny manomana ny isan'ny vokany sy ny fiantraikany. (...) Ohatra : manampy amin'ny fampivorana ny fahaizamaon'ny fikambanana mpitahiry ny tontolo iainana mba hahafahan'izy ireo mahazo vokatra tsara kokoa eo



amin'ny tetikasa fiarovana ny harena voajanahary izay andraisany anjara. (...)

Ny manandanja indrindra amin'ny fepetra ivelan'ny fitrandrahana dia ny fanonerana harena voajanahary. Ny Rio Tinto dia nanoratra fa *“ny fanonerana harena voajanahary dia fepetra fitahirizana natao hanonitra ireo fiantraikan'ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany sy ny fanasivanana azy amin'ny harena voajanahary, izay tsy azo ialàna. Ny Fanonerana dia tsy tokony hisolo mihitsy ny fepetra fisorohana sy fanalefahana amin'ny toerana fitrandrahana, saingy ampiasaina kosa mba hamahana ny olana mbola tavela”*. Ny toerana fanaovana fanonerana harena voajanahary ao amin'ny toeram-pitrandrahana fasimainty ao Fort-Dauphin dia ala amin'ny toerana telo : Bemangidy, Mahabo ary Sainte-Luce (Jereo ny sarintany).

Izany dia tetika voalahatra tsara anatin'ny asoratra siantifika : natao izany mba hanodinana ny saina amin'ny toetra mpanimba ny tontolo iainan'ny orinasa lehibe iray, ka hifantohan'ny eritreritra amin'ny mponina any ifotony – izay niankin-doha tamin'ny ala nandritry ny ampolotaonany maro – dia “ilay Olon-kafa” mpanimba ny tontolo iainana. **(26)**

Izany koa no antony nahatonga ny vondrom-bahoaka monina ao amin'ny toerana misy harena voajanahary 50 km avy eo amin'ny toeram-pitrandrahana ho voarara tsy hahazo hampiasa ny ala. Io famerana io dia tsy manamarika manokana ny tetikasa fanonerana na ny ampahany amin'ilay tetikasa. Fa tena ao anivon'ny lojika mitantana ilay resaka fanonerana harena voajanahary. Milaza ny

Rio Tinto fa mety ho nosimban'ny vondrom-bahoaka any ifotony ny ala amin'ny taona 2040 fa ny asa ataony izao no hanavotra ny ala noho ny asa fitahirizana sy famerenana ny harena voajanahary anatin'ny faritra nomena azy hitrandrahana (“concession”). Fanampin'izany, ny Rio Tinto dia hampihatra fepetra fanonerana harena voajanahary ao ivelan'ny faritra nomena azy hitrandrahany, amin'ny alalan'ny fiarovana sy famerenana amin'ny laoniny ala iray izay – araka ny filazan'ny orinasa – mety ho nosimban'ny vondron'ny mponina any ifotony koa raha tsy nisy ny tetikasa fanonerana. Rehefa atambatra ireo, dia hiteraka “fiantraikany mahomby azo tsapai-tànana” eo amin'ny harena voajanahary ireo asa fitahirizana, hoy ny voalazan'ny Rio Tinto sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy.

Arak'izany, ny orinasa dia mahavita milaza fa ny tetikasa fitrandrahana ao Fort-Dauphin dia hiaro ny harena voajanahary ao Madagasikara, ka noho izany dia tokony ho raisina an-tanan-droa. Misy antontan-dahatsoratra an-gazety nataon'ny Rio Tinto tamin'ny 2009 sahy manambara fa *“ny fitrandrahana dia tonga hanavotra ny harena voajanahary tsy manampaharoa manamorona ny ranomasina ao Fort-Dauphin”* **(27)**. Ny asa soratry ny orinasa dia maneho ho toa ny tso-drano ny fisian'ny sahabo 1 650 hektara – 6,5% -n'io ala tsy manampaharoa manamorona ny ranomasina ao Madagasikara io – anatin'ny faritra izay nomena itrandrahan'ny QMM fasimainty amin'izao fotoana izao.

Ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakàna (ONG) izay miara-miasa amin'ny Rio Tinto amin'ny fanatanterahana ireo tetikasa fanonerana ny harena voajanahary ao amin'ny toeram-pitrandrahana fasimainty dia nanaiky io fandresen-

dahatra io. Ny ala amin'ny toerana telo, Bemangidy, Mahabo sy Sainte-Luce, izao dia ampiasaina amin'ny fanonerana ny harena voajanahary nopotehin'ny Rio Tinto QMM; ahafahan'ny orinasa manohy manapotika ny ala manamorona ny ranomasina izay mirakitra karazan-javatra tsy misy any amin'ny toerana kafa mirefy 6 000 hektara anatin'ny faritra nomena azy ao Fort-Dauphin izany, ary ahafahany milaza koa fa ny asa fitrandrahana harena an-bibon'ny tany dia hisy fiantraikany mahomby azo tsapai-tanana.

Io fihetsika io dia mitera-bokatra tsara tokoa ho an'ny Rio Tinto amin'ny lafiny fifandraisana amin'ny manodidina, ankoatry ny fahazoany mitrandraka mandritra ny 40 taona ny fasimainty anaty tany, izay laro lehibe indrindra amin'ny loko fotsy vokarina amin'ny taozavatra.

Tsy mora ny fahazoana tranga feno sy antsimpliriany momba ny asa fanonerana harena voajanahary an'ny Rio Tinto QMM momba ny faritra fitrandrahany fasimainty ao Fort-Dauphin (velarany, toerana ahitana azy, ny isany sns...), misy mbola mametraka fisalasalana. Ny tena voamarikay dia ny tsy fahazotoan'ny mpiasan'ny Rio Tinto QMM, hizara ny zavamisy momba ny tetikasa fanonerana harena voajanahary mifandraika amin'ny asa fitrandrahan'ny QMM ao Madagasikara.

Ankoatr'izany, ny tranga avy amin'ny tatitra isankarazan'ny orinasa sy ireo voaangona mandritra ny fitsidihana ny Ivotoerana fikarohana ara-ekolojika ao Mandena sy ny faritra fiarovana ny ala an'ny Rio Tinto dia hita fa mifanohitra. Na izany aza, amin'izao fotoana izao hono, dia misy toerana fiarovana ny harena voajanahary telo: Mahabo (1000 hektara), Ste Luce (475 ha) ary

Bemangidy (tsy mazava ny velarany, jereo etsy ambany). Ny fitambaran'ny velaran'ireo faritra telo ireo, izay natokana ho an'ny fanonerana harena voajanahary dia mitentina 6 000 hektara hono raha mitambatra, izany hoe mitovitovy amin'ny refin'ny faritra nomena hanaovana fitrandrahana.

Ny faritra fanonerana any Sainte Luce sy Mahabo dia heverina ho toerana fanonerana harena voajanahary mitovy atakalo mitovy ("*like-for-like*") satria ireo faritra roa ireo dia mitovy karazana amin'ny ala mitovy amin'ny ala izay simbain'ny fitrandrahana : ala manamorona ny ranomasina tsy manampaharoa ao Madagasikara. Ny ankamaroan'ireo ala mitovy karazana amin'ity dia efa ringana na simba.

- Mahabo dia eo amin'ny 201 km any avaratr'i Fort-Dauphin. Ity faritra mirefy 1200 hektara ity dia natao faritra arovana tamin'ny 2014. Tantanana ny Missouri Botanical Garden izy, miaraka amin'ny ONG Soazagnahary sy fokontany iray ary ny kaominina Mahabo-Mananivo. Nisy nilaza fa misedra olana ara-bola ny tetikasa satria hono tsy nentin'ny Rio Tinto QMM ny vola ilaina amin'ny fitantanana ny faritra fanonerana ny harena voajanahary hatramin'ny 2013/2014.

- Sainte Luce dia eo amin'ny 30 km ao avaratr'i Fort-Dauphin eo ho eo, atsinanan'ny tananan'ny Mahatalaky. Eo amin'ny sisiny avaratry ny faritra fitrandrahana ("*concession minière*"). Mahagaga fa sady misy faritra fisorohana (ao anatin'ny faritra fitrandrahana) no misy asa fanonerana harena voajanahary ao Sainte Luce. Araka ny resaky ny Rio Tinto, ny velaran'ny faritra fanonerana (ivelan'ny faritra fitrandrahana) dia 475 hektara amin'ny toerana efatra



*Ny ala "voaaro" ao Tsitongambarika, manamorona an'i Bemangidy, toerana ampiarana ny drafitr'asa fanoneran'ny Rio Tinto QMM harena voajanahary.*

ny faritra Bemangidy ho "fiarovana" raha sendra tsy mahomby ny asa fanonerana any amin'ny toeran-kafa (28). Rehefa nesorina avy tao amin'ny lisitra voalohany momba ny faritra mety ho tafiditra amin'ny paikady fanonerana ny harena voajanahary-n'ny Rio Tinto ny faritra fiarovana ao Ambatotsirongorongo izay iaraha-mitantana amin'ny Wildlife Conservation Society, dia ny faritra Bemangidy no voatendry hisolo azy. (29)

samihafa. Tsy misy tanàna ao anatin'ny faritra fanonerana saingy misy tanàna maromaro kosa eo amin'ny manodidina akaiky, toa ny tanànan'i Mahatalaky sy Sainte Luce. Ny olona ao amin'ireo vondron'ny mponina roa ireo dia samy mampiasa ny ala farafaharatsiny ao amin'ny iray amin'ireo toerana efatra natokana ho fanonerana harena voajanahary ireo.

- Bemangidy (antsoina ihany koa hoe Bemangidy-Ivohibe) no toerana fahatelo fanaovana fanonerana harena voajanahary izay voaresak'ity tatitra ity. Ny WRM sy Re:common dia nifidy azy ho toerana hanaovana fanadihadiana any ifotony tamin'ny Septambra 2015 noho ny zavatra fantatra momba azy. Ny faritra fanonerana ao Bemangidy dia 50 km eo ho eo avaratr'i Fort-Dauphin, manaraka ny lalam-pirenena.

Antontan-taratasy maro navoakan'ny Rio Tinto momba ny faminavinana ny "fiantraikany mahomby azo tsapai-tanana" no mamelabelatra ny momba

## 4. Ny tetikasa fanonerana harena voajanahary ao Bemangidy-Ivohibe


---

**B**emangidy raha ny marina dia anaran'ny tanàna kely iray hita eo ho eo amin'ny 50 km avaratr'i Fort-Dauphin. Mandeha adiny telo (3) ka hatramin'ny enina (6) amin'ny fiara (30) (arakaraky ny isan'ny fiara miandry amin'ny fiantsonan'ny “bac”) amin'ny lalana nasionaly mankany Farafangana dia tonga any.

Ny anarana ofisialin'ny tetikasa fanoneran'ny Rio Tinto QMM harena voajanahary ao amin'ny faritra Bemangidy dia “Ampasy Vohibe” na koa “Bemangidy-Ivohibe”. Ao amin'ny ilany avaratra-atsinanan'ny Fitambaran'ny Alan'i Tsitongambarika (Complexe forestier de Tsitongambarika – TGK) no misy ilay toerana. Ny olona nefa dia manohy miantso ny ala, sy ny faritra fanonerana hoe “Bemangidy” fotsiny, toa ny tanàna sy ny ala manodidina eo. Tamin'ny roapolo taona lasa, dia nisy orinasa fanodinana hazo fananan'ny orinasa Soisa iray mbola niasa tao. Araky ny fantatra dia nitrandraka hazo be loatra ilay orinasa ka ritra ny karazany sarobidy marobe, saingy tsy voasoratra any amin'ny rakitry ny orinasa sy ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakàna io nampiasàna ny faritra io. Ny rakitra kosa dia maneho ho hany antony nahatonga ny faharipahana sy fahasimbana ny fampiasan'ny mponina ao an-toerana ny ala ho an'ny fambolena ho entiny mivelona.

Ny Fitambaran'ny Alan'ny Tsitongambarika (TGK) dia faritra voaaro mirefy 60 000 hektara eo ho eo izay nahazo ny sata fiarovana amin'ny fomba maharitra tamin'ny volana Jona 2015 (31). Ny faritra arovana dia noforonin'ny ministeran'ny Rano sy Ala tamin'ny 2008 ary nahazo tamin'ny dingana fanomanana, ny fanampiana teknika sy ara-bolan'ny Birdlife International sy ny mpiaramiombon'antoka aminy, Asity Madagasikara, Rio Tinto QMM, ny USAID ary ny Conservation International (32). Misy boky kelin'ny Birdlife momba ny famosaha-kevitra fandoavam-bola ho an'ny fitahirizana ao Madagasikara miresaka mikasika ny TGK hoe “*ny ala dia miaro manokana ny tany lemaky manodidina ny loharano lehibe ho an'ny tanànan'i Fort-Dauphin (izay ny renivohitra be mponina ao amin'ny faritra) ary ho an'ny toerana fitrandrahana fasimainty-n'ny QMM, hita ao amin'ny lemaka manamorona ny ranomasina ambanin'ny alan'ny Tsitongambarika.*” (33)

Ny zavatra lazain'ny antonta-taratasy mahakasika mivantana ny tetikasa fanonerana harena ara-javaboahary dia maro ireo tsy mazava ary mifanohitra momba ny fandraisan'anjaran'ny Rio Tinto QMM amin'ny fiarovana ny fitambaran'alan'ny TGK, izay mifandray mivantana aminy.



Ohatra, any anatin'ny sarin-tany famaritana ny fiarovana sy ireo antonta-taratasy dia mizara faritra telo (3) ny Fitambaran'ny Alan'ny Tsitongambarika (TGK1 : 15 000 ha, TGK2 : 25 000 ha, TGK3 : 25 000 ha). Ao amin'ny lahatsoatra avoakan'ny Rio Tinto, ny fitambaran'ny 60 000 ha n'ny faritra arovana vaovao dia ambara ho toy ny ao anatin'ny ezaka fiarovana nataon'ny Rio Tinto QMM ; amin'ny fotoana sasany, dia voalaza mazava fa ny tetikasa fanonerana dia mikasika ny ala 30 000 ha ao amin'ny TGK 3, (nefa izany tena mihoatry ny refy tena marin'ny TGK3). Eo andanin'izay anefa ny antontan-taratasy nosoratan'ny Birdlife International sy ireo ONG hafa dia milaza fa ny velaran'ny faritra fanoneran'ny Rio Tinto QMM dia indraindray 1 000 ha, indraindray 10 000 ha. **(34)**

Ny fiarovana ny faritra amin'ny alalan'ny didim-panjakana dia miteraka fanontaniana manan-danja ; ahoana

*Tsitongambarika, toerana fanonerana harena voajanahary. Sarin-tany nomen'ny Asity.*

no misy faritra ampiasain'ny orinasa tsy miankina amin'ny fanjakana ho faritra fanonerana nefa efa faritra voaaro araka na didim-panjakana? Napetrakay tamin'ny Ivotoeran'ny fikarohana ara-ekolojikan'ny Rio Tinto QMM tao Mandena io fanontaniana io , ary koa tamin'ny Mpandrindra ny tetikasa fanoneran'ny Asity saingy tsy nahazoana valiny mazava.

Zava-dehibe koa ny fanamarihana fa ny faritra Bemangidy dia tsy ahafahana manao fanonerana mitovy lenta satria tsy hita ao ireo karazana rehetra sy ireo toerana manokana izay ho potika ao amin'ny faritra misy ny fitrandrahana. Ireo alan'ny Tsitongambarika dia ala anatin'ny lemaka anaty tany, nefa ny fitrandrahan'ny Rio Tinto QMM ao Fort-Dauphin dia eo am-pamotohana ny ala mamorona ny ranomasina.

Ny orinasa dia nampiasa ny fahalalana azo avy amin'ny oniversite sy rafitra fikarohana momba ny zava-maniry izay, nandritry ny am-polotaonany maro, nanatanteraka fandalinana lalina mikasika ny TGK, mba hahitana toerana izay manana zava-maniry sy biby mifanandrify arak'izay tratra amin'ny zava-misy ao amin'ny ala manamorona ny ranomasina misy ny fitrandrahana ny harena ankibon'ny tany. *“Taona vitsivitsy lasa izay, nisy mpikaroka amerikana nangataka taminay hitondra azy teny an-tampon'ny tendrombohitra mba handinika ny vitsika. Nilaza izy fa tena nisy vitsika tsy fahita firy”*, hoy ny mponina tao amin'ny tanàna iray raha nandeha ho any amin'ny iray amin'ireo toerana telo nambolen'ny olona zana-kazo tanatin'ny sehatr'asa famerenana an'i Bemangidy izahay.

Araka ny fanamafisan'ny mpanandrindra ny tetikasa fanonerana ao amin'ny Asity, dia nisy fanisàna biolojika maro izay nataon'ireo manampahaizana manokana amin'io sehatra io ary hita fa misy fifanindriany eo amin'ny toerana roa mikasika ny fiarahan'ny karazana samihafa. Fa na izany aza, ny karazana maro tandidomin'ny fahalaniana tamingana noho ny asa fitrandrahana dia tsy misy ao amin'ny toerana fanonerana "izay manana karazana hafa" ao Bemangidy. Ny zava-mahagaga, dia arovan'ny Rio Tinto na ny fanonerana amin'ny "karazana tsy mitovy" aza rehefa milaza izy fa "ny fanonerana zava-boahary tsy mitovy dia miteraka tobotsoa eo amin'ny lafiny fanonerana" (35), saingy sady tsy lazainy hoe iza no tena manaiky izany fanambaràna izany, no tsy lazainy maninona io fomba io no ambara fa ahazoana tobotsoa eo amin'ny lafiny fanonerana.

Ny toerana fanonerana ao Bemangidy dia ao anatin'ny faritra fiarovana izay misy ny Alan'ny Tsitongambarika. Ity faritra voaaro ity izay midadasika kokoa dia iarahan'ny Asity sy KOMFITA, ilay "Komity Mitantana ny Faritra Voaaro ao Tsitongambarika", mitantana. Ny fitambaran'ny faritra voaaron'i Tsitongambarika dia misy Vondron'ny mponina Ifotony (Communautés de base – COBA) izay mandray anjara amin'ny fanonerana ny harena voajanahary ao Bemangidy Ivohibe ny efitra aminy dia : Ianakogny, Iabakoho, Antsotso ary Tanitsara.

Araka ny voalazan'ny Asity, ny COBA izay mandray anjara amin'ny tetikasa fanonerana harena voajanahary. dia omena tetibola isan-taona tsirairay avy mba hiasàna manokana ho an'io tanjona io. Ny zava-kendren'ny tetikasa fanorenana voalohany dia ny "fiarovana ny harena voajanahary" fa misy koa zava-kendrena fanampiny

dia ny fampivoarana ny vondron'ny mponina.

Ny fanorenana harena voajanahary dia mandray koa ny fanavaozana ny ala simba. Ao amin'ny faritra Bemangidy misy zana-kazo 2 050 avy amin'ny karazana misy ao an-toerana novolena amin'ny toerana iray tamin'ny 2013, ary 2 000 hafa amin'ny toerana hafa, amin'ny sisin'ny ala, tamin'ny 2014. Tamin'ny fotoana nandalovanay tamin'ny Septambra 2015, tsy nisy fambolena vaovao vita tamin'iny taona iny.

Noho izany, ny faritra Bemangidy dia hita ao anatin'ny faritra arovana lehibe indrindra izay misy ny alan'ny Tsitongambarika iray manontolo. Ity ala lehibe arovana ity dia irahan'ny Asity sy KOMFITA, ny "Kômitry mpitantana ny ala arovana ao Tsitongambarika" (COGE), mitantana.

Tamin'ny voalohany, ny olona dia nandray 2 000 Ar (latsaky ny 1 Euro) isan'olona isan'andro rehefa mamboly zana-kazo dimy (5). Taty aoriana, nohon'ny fitakian'ny olona momba ny karama ambany loatra, dia niakatra ny sanda isan'andro ka lasa 3 000 Ar (1 euro) ny karama azo amin'io asa io (izay ny lehilahy no manao azy). Ny fametrahana tafo ahazoana aloka ho an'ireo hazo vao nambolena dia ny vehivavy no tena manao azy.

Nandritra ireo fifampiresahana dia nilaza ireo olona fa ny faritr' Iabakoho, eo ho eo amin'ny 10 km miala ireo tanàna izay notsidihinay, dia misy andrana fambolena vary sy fambolena hazo efa nanomboka. Na izany aza anefa dia tsy nisy tamin'ireo asa ireo mba natolotra ho an'ireo mponina ao Antsotso sy ireo tanàna manodidina izay voakasiky ny fanonerana harena voajanahary ao Bemangidy.

## 5. Iza avy ireo fikambanana mpitahiry ny tontolo iainana voakasiky ny tetikasa fanonerana harena voajanahary ao Bemangidy

---

**N**y orinasa rehetra izay iarahana ny firenena maro ka mikendry ny hanohy asa fitrandrahana harena ankibon'ny tany manimba ny ala manamorona ny ranomasina sy ao anatin'ny firenena izay manana karazam-biby sy zavamaniry tsy hita any amin'ny toerankafa eto an-tany, dia ho sahirana mafy handresy lahatra ny hafa fa tena hiaro marina ny harena voajanahary izy.

Ao anatin'izany zava-misy izany, ny sosokevitra hanatanteraka lamin'asa fanonerana ny harena voajanahary dia azo antoka fa hanampy ilay orinasa hanana “laza fa maitso” na dia manohy manapotika ny harena voajanahary aza. Nefa, raha io fotsiny dia tsy haharesy lahatra ny fanekena hiroso amin'izany, raha tsy hamarinin'ny avy any ivelany. Amin'ity tetikasa hanonerana harena voajanahary ao Bemangidy ity, ny fanamarinana avy any ivelany dia maka endrika fiarahamiombon'antoka amin'ny fikambanana roa (2) tsy miankina amin'ny fanjakàna sy ny Komitin'ny Harena voajanahary. (36)

Tamin'ny 2001, ny Rio Tinto sy ny fikambanana mpitahiry anisan'ny fanta-daza eran-tany Birdlife International dia nametraka fiarahamiombon'antoka. Vokatry'izany fiaraha-miasa izany, ny Birdlife

dia nanomboka nanampy ny Rio Tinto tamin'ny fandrafetana sy fametrahana ny paikady momba ny fitahirizana ny harena voajanahary sy ny tanjona “fiantraikany mahomby ary azo tsapai-tànana” eo amin'ny harena voajanahary mandritra ny asa fitrandrahany harena ankibon'ny tany. Anisan'ny tafiditra amin'izany paikady izany izay nanomboka nampiharina tamin'ny 2014, ny tetikasa fitrandrahana fasimaintin'ny QMM ao amin'ny faritra Anosy, ao atsimo atsinanan'ny Madagasikara ary voafidy ho “toerana hanaovana ny fanandramana ireo fitaovana mikasika ny IPN (na “Impact Positif Net)”. (37, 38)

Ny Rio Tinto QMM koa dia nametraka tamin'ny taona 2003 ny Komity ho an'ny Harena Voajanahary ambony toetra (39) izay ny andraikiny dia hanoro hevitra an'ny Rio Tinto QMM amin'ny fomba tsara hiarovana sy hanatsarana ny harena voajanahary ao anatin'ny faritra misy ny tetikasa fitrandrahany sy fanonerany, aloha, mandritra ary aorian'ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany. Ny kômitry dia misy mpanolotsaina teknika, oniversite sy fikambanana mpikaroka, ary koa ireo mpiara-miombon'antoka stratejika, izay avy amin'ireo fikambanana lehibe mpitahiry ny tontolo iainana ny ankamaroany.



Fanampin'izany, ny vondron'ny Rio Tinto dia nametraka ihany koa fiaraha-miasa miaraka amin'ny Union Internationale pour la Conservation de la Nature (UICN) tamin'ny 2010. Satria izy ity dia manana laza ho toy ny mpitarika mahay eo amin'ny tontolo iainana sy ny tontolon'ny fampandrosoana maharitra, ka ny fiarahany dia nampitombo bebe kokoa ny firosoan'ny Rio Tinto amin'ny tanjony ary ny filazàny ny tenany ho toy ny tompondakan'ny fanonerana harena voajanahary. Indrindra fa UICN dia nanampy ny Rio Tinto ho tompo-daka maneran-tany eo amin'ny fiarovana ny harena voajanahary sy ny fiarovana **(40)** ao anatin'ny sehatra fitrandrahana.

Ny fandrafetana ny paikady “Fiantraikany mahomby azo tsapai-tanana” ho an'ny fitrandrahana fasimaintin'ny Rio Tinto QMM koa dia nila fahafahana manao fikarohana lalina mba ahazoana ireo loharanom-baovao biolojika, ara-tsosialy sy ekonomika mahakasika indrindra ny faritra manan-danja goavana amin'ny fanonerana ao amin'ny faritra Anosy, Madagasikara.

*Saha fasika hambolena mangahazo akaikin'i Bemangidy. Raha 15 metatra mivadi-droa tany an-tsisin'ny ala nahavokatra ampy hiveloman'ny fianakaviana misy olona dimy (5) mandritra ny herinandro, ny velarana fasika mirefy toy izany dia mahavokatra hohanina iray (1) andro.*

**Tena ilaina ny fananana fahalalàna amin'ny antsipiriany momba izany mba ahafahana mampitovy ny harena voajanahary manodidina ny toerana fitrandrahana amin'ny zava-misy any amin'ny toerana mety ho azo hanaovana fanonerana, sy ahafantarana raha misy mitovy na tsia.**

Ekipa siantifika Malagasy sy ekipa iraisampirenena ampy fitaovana avy amin'ny Missouri Botanical Garden (MBG), Rio Tinto QMM, fikambanana Malagasy ONG Asity sy Voakaji ohatra no tonga nitsidika im-betsaka ny alan'ny Tsitongambarika nanomboka tamin'ny 2005 sy 2006 mba hanaovana fikarohana isankarazany momba ny harena voajanahary, eo ambany fandrindran'ny Birdlife International ary vatsiana ara-bola araky ny fiaraha-miombon'antoka eo amin'ny Birdlife sy Rio Tinto. Nisy fanisàna ny zava-



maniry niaraka amin'ny fiaraha-miasa teknikan'ny MBG, Rio Tinto QMM sy Birdlife International izay nampiasa ny fepetra manara-penitra fitsongoana ny zava-maniry izay nampiasain'ny MBG. (41)

Voalaza fa ny rafitra toa ny MBG dia eo am-piheverana ny fanonerana harena voajanahary ho loharano fidiram-bola azo eritreretina miainga amin'ireo angona goavana dia goavana mikasika ny karazan-java-maniry. Ny fampiasana indray ireo angona efa misy dia manampy azy ireo hamokatra sy hanome fahatokisana siantifika amin'ireo fanonerana harena voajanahary. Ny MBG dia manana laza amin'ny lafiny botanika siantifika, ka ny "fitombokase fanamarinan'ny MBG" dia zava-dehibe toy ny angona sy fitanisany ny zava-maniry, hany ka manome rariny ny fepetra raisin'ny Rio Tinto eo amin'ny fanonerana harena voajanahary sy ny fitrandrahany fasimainty raha zohina.(42)

Ny harena voajanahary ao Bemangidy ankehitriny dia tantanan'ny ONG Asity, izay lasa fikambanana rantsana malagasy-n'ny Birdlife International tamin'ny 2008. Ny fandaharan'asa malagasin'ny Birdlife International dia tapitra tamin'io taona io ihany koa.

Raha ny mikasika ny fanatanterahana ny fanonerana harena voajanahary, ireo asa fampandrosoana ny mponina sy ny fanonerana manokana dia niarahan'ny Rio Tinto sy Asity namolavola. Izy ireo dia nanomana drafitra paikady 2015-2019, anisan'izany ny tetibola izay ifandraharahan'ny ONG sy Rio Tinto QMM isan-taona. Ny fokonolona dia tsy tafiditra ao anatin'izany fifandraharahana izany; tsy fantatr'izy ireo na ny tetibola misy ao amin'ny Asity hanaovany ireo asa ao amin'ny tanànany aza. Ny mpiasa ao amin'ny biraon'ny Asity

dia nampiseho tamin'ny mpanoratra ity tatitra ity ny kisarin'ny drafitra paikady 2015-2019 ho an'ny toerana fanaovana fanonerana, ka hita tao fa misy vola ho an'izany asa izany mitotaly ao anelanelan'ny 310 000 sy 350 000 dôlara amerikana. Ho an'ny taona 2013-2014, ny Asity dia nahazo **"vola hampiasaina ao anelanelany" izay voalaza fa handoavana ny "karaman'ny fokonolona niasa isan'andro"**. Araka ny voalaza ao amin'ny toko faharoa, ireo voalaza ireo dia nampiharina tao amin'ny faritra fanonerana Bemangidy tamin'ny asa fambolen-kazo indraindray tamin'ny 2013 sy 2014 ary tamin'ny fandoavana karama raikitra 50 000 Ariary [15 euros] isam-bolana ho an'ny olona roa ao an-tanàna.

Ao amin'ireo fanamarihana sy hafatrafatra teknika tamin'ny 2014, ny kômitin'ny harena voajanahary-n'ny Rio Tinto QMM dia *"nanome sosokevitra fa QMM dia tokony hitady ny fomba ahatonga ny Asity hieritreritra handany ampahany ampy amin'ny tetibolany ho an'ny asa any amin'ny faritra ao Bemangidy, ary nangataka mba hisian'ny fifanarahana ahatonga ny Asity hanao famelaberana momba ny drafitr'ireo asa kasainy, ireo asa ataony sy ny fivoarana ao Bemangidy mandritry ny fivorian'ny kômity manaraka"*. (43) Tsy misy vaovao momba ireo fivoriana ireo, na tatitra momba ny fivoriana, na hafatrafatra sy toro-marika ao amin'ny tranokalan'ny Rio Tinto Madagasikara, hany ka tsy fantatra raha nivory ny Kômitin'ny harena voajanahary tamin'ny 2015.

Ao amin'ny tetibolan'ny Asity amin'ny fanonerana harena voajanahary dia misy ihany koa vola natao handoavana karama ho an'ny mpiambina ala izay manao fiambenana ny faritra voaro eny amin'ny tanim-panjakana ahatonga azy ireo hanao fitsidihina fanampiny any amin'ny faritra fanonerana harena

## 6. Eritreritra nateraky ny fitsidihina tany ifotony

*“Tsy tonga hanontany anay izy ireo, fa tonga hilaza aminay”*

voajanahary-n'ny Rio Tinto QMM.

Ny tatitra mitondra ny lohateny hoe *Tsy azo tohanana : Ny marina ratsy tarehy momba an'ny Rio Tinto*, dia mitanisa ny voalazan'i Gemma Holloway, mpampiofana antsitrapo tao amin'ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana (ONG) anglisy Azafady teo aloha (niasa tao Sainte Luce, toerana iray amin'ny faritra fanonerana harena voajanahary telo an'ny Rio Tinto QMM) sady mpanatanteraka asa indraindray an'ny Rio Tinto momba ny fampandrosoana maharitra,

*“Ny zava-bitan'ny orinasa eo amin'ny sehatra ara-tontolo iainana [...] dia lavitra ny hatao ho ohatra, ary ny fandraisan'anjara tamin'ny fitantanana ireo ala eo amin'ny faritra manodidina ny toerana fitrandrahana rehetra amin'izao fotoana izao sy amin'ny ao aoriana dia vao maika nampitombo ny fahasarotan'ny fifandraisana amin'ny fokonolona ifotony; amin'ny faritra sasany dia niteraka fitomboan'ny fahasimban'ny ala izany sy ny fanaovan'ny mponina any ifotony valifaty noho ny fahaverezan'ny fananany ny harena ao an-toerana”. (44)*

Ny fitsidihanay dia nanamarina fa ny zava-misy ao amin'ny faritra fanonerana harena voajanahary ao Bemangidy dia mitovy amin'ny voalazan'ny Gemma Holloway momba an'ny Sainte Luce :

ny tetikasa dia eo am-pampitondrana faisana ny mponina ifotony. Ny fanilihina azy dia hita amin'ny lafiny maro, manomboka hatramin'ny fandràna ny fampiasàna ara-drazana ny ala, indrindra ny “tavy”, ny tsy fizarana aminy ny vaovao manandanja goavana momba ny zava-misy manodidina sy ny fiantraikan'ny tetikasa fitahirizana amin'ny mahafanonerana harena voajanahary azy, ary ny haben'ny tetibola eo am-pelatanan'ny ONG miandraikitra ny fanatanterahana.

Nandritra ireo fivoriana niaraka tamin'ny mponina, dia nanomboka nibaribary fa ny orinasa sy ny ONG izay mandray anjara amin'ny asa fitahirizana ny harena voajanahary dia tsy nampahafantatra ny mponina voakasika tany Bemangidy vaovao lehibe maro ary, mandeha ho azy, fa tsy nanandrana nangataka tamin'ny mponina ny fanekeny mialoha, ankahalalahana ary am-pahalalàna feno ny zava-drehetra. Fotoana fohy taorian'ny nahatongavanay tamin'ny tanàna, dia nisy olona iray niteny hoe :

*“Ny orinasa QMM dia manana ity tetikasa ity hiarovana ny ala, ary mitondra mpianatra avy any Tana (Antananarivo, renivohitr'i Madagasikara) hanao fikarohana aty anatin'ny ala. Tsy fantatray mazava tsara hoe inona no tena tian'ny QMM aty. Mamboly hazo vitsivitsy dia izay. Tsy azonay ka tena misaotra anareo mialoha raha afaka zarainareo aminay ny drafitr'izy ireo”*

Henonay ihany koa fa matetika ny valin'ny fitarainan'ny mponina avy



amin'ny solontenan'ny Asity dia : “*Re izay !*”. Ohatra, Rehefa nanazava ireo mponina fa ambany be loatra ny karama amin'ny fambolena hazo, na hoe tsy mbola nanomboka foana ny fampanantenana tetikasa fambolena, na koa hoe tsy mbola nianga ny famboleana hazo manamorona ny lalana, ny valinteny tsy miova dia ny hoe “*Re izay !*”. “*Nefa tsy misy tohiny*”. Izany no nolazain'ny olona henonay matetika.

Mbola mampanahy be koa ny filazana nandritry ny fivoriana tany Fort-Dauphin niaraka tamin'ny solontenan'ny Rio Tinto QMM sy ny ONG ao Fort-Dauphin taorian'ny famangianay ireo fokonolona. Ireo filazana ireo dia mikasika ny fomba sy tetika ampiasaina “mba ahatonga ny tetikasa fanonerana hahomby”. Efa mahazatra ny fandrenesana izany karazana tetika izany ao amin'ny sehatry ny fitahirizana ny harena voajanahary fa mahalana no tenenina

*Tsy maintsy miampita ity honahona ity ny mponina avy any Antsoto rehefa hamonjy ny saha fasika hamboleny mangahazo : io irery no tany navela hambolena mangahazo hatramin'ny nameran'ny tetikasa fanoneran'ny Rio Tinto QMM ny fahazoan'ny mponina mampiasa ny sisin'ny ala toy ny razany tany aloha.*

mivantana be toa izany izy io. Nolazaina taminay ohatra fa satria ny Rio Tinto QMM dia nanomboka ny tetikasa fanonerana mba ahatratrarana ny “fiantraikany tena mahomby” eo amin'ny harena voajanahary, dia nanao fanekena ireo ONG miaro ny ekôlôjia fa hanampy ny orinasa mba tsy maintsy hahomby ny asany.

Rehefa hiresaka ireo asa fanonerana harena voajanahary, dia nanao fitsidihina nisesy sy maromaro tany amin'ny tanàna manodidina ny toerana fanonerana ny mpiasan'ny Asity, indraindray niaraka tamin'ny solontenan'ny Rio Tinto QMM, indraindray tsy niaraka tamin'ny orinasa. Notantaraina taminay fa ireo fitsidihina ireo dia mbetika hoatry

ny fomba iray hanombohana ny tetikasa fanonerana amin'ny fomba mampandray anjara ny tsirairay, mbetika hoatry ny zotra miadana fandresen-dahatra. Ny tena marina dia “fanasana betro” (“lavage de cerveau”), hoy ny nolazaina taminay indray mandeha nandritra ny fifanakalozana (45).

Nandritra ny fivoriana iray voalohany, ny mpiasan'ny ONG tokony niresaka ny maha-zava-dehibe ny ala, alohan'ny hiresahana ny fanonerana harena voajanahary, izay naseho ho toa ny tetikasa fitahirizana. Avy eo dia toa nisy fanakianana henjana be ny fomba fampiasana ny tany amin'izao fotoana izao.

Henonay koa fa tsy dia tena tsara loatra ny fandehan-javatra nandritra ny fivoriana niaraka tamin'ny fokonolona. Nisy fivoriana iray nisy solontenan'ny Rio Tinto QMM izay notantaraina anay fa tena “fiasco”, ny antony iray nahatonga izany dia satria ny mponina nangataka vaha-olana amin'ny onitra noho ny fahaverezan'ny fahafahan-dry zareo mandia anaty ala.

Mba hisorohana ny “fiasco” dia tsy miaraka amin'ny solontenan'ny Rio Tinto QMM ny Asity rehefa tonga mitsidika ny tanàna nandritry ny fivoriana rehetra manaraka, ary nalamin'ny raharaha mba hanomboka amin'ny fotoam-pivavahana ny fivoriana. Ny fivoriana manaraka koa avy eo natao tany anaty fiangonana “mba hisorohana ny fanakorontanana” (46). Nieritreritra izy fa hijanona hilamina ny olona any am-piangonana, ka ho mora kokoa ny hisoroka ny fivoaran'ny fivoriana ho “fiasco” indray “noho ny vokatra tsaran'ny kolon-tsaina ekomenika”. Io koa dia nahafahana nilaza fa Andriamanitra sy ny razana no nangataka ny hiarovana ny ala “*ho an'ny taranaka fara-mandimby sy ny razambe*”.

Ny fampiasana ny fisian'ny kolontsaina matanjaka mikasika ny fifanakalozana ao anatin'ny fomban-drazana, sy ny maha zava-dehibe ny fifampizarana sy ny eritreritra fa izay tsy mianatra manome dia tsy hahazo na inona na inona – mandrakizay. (“Tsy tonga hanome aho fa hizara”) no nahafahany'ny Asity nanilika moramora ny fitakiana onitra.

Mihevitra ny Asity fa tsy ny ONG no tokony haneho ny sosokevitra ho an'ny tetikasa. Hoatry ny tsara izay fomba fijery izay any am-boalohany, fa ny zava-misy mety hitondra sakana ho an'ny fanatanterahana ny hevitra toy izany. Manamafy ny Asity fa ny fokonolona no tokony hitondra hevitra momba ny fikarohana asa mampidi-bola takalon'ny ala, satria ny fitambaran'ny zotra dia fifampizarana fa tsy fanomezana. Saingy tsy hita marina inona no tombotsoa azon'ny fokonolona notsidihinay tamin'izay zavatra nozarain'ny ONG tamin'ny.

Mangataka ny Asity mba ho “asa aman-draharaha mitera-bokatra” no sosokevitra hataon'ny fokonolona. Mba ahahatongavana amin'izany, dia nikarakara fampiofanana tany amin'ny tanàna izy momba ny fomba fanentitrenterana soso-kevitra tetikasa miteraka asa mampidi-bola, momba ny fomba fanombanana ny fahafahana manatanteraka izany amin'ny lafiny ekonomika, ny fanombanana teti-bola, sy ny fananganana drafitra momba ny fitantanana ara-bola. Tadin'ny fokonolona io fampianarana io; nolazainy fa tany am-boalohany ny vehivavy sy ny mahantra indrindra no tena nantsoina handray anjara, mba ahahatonga azy ireo ho afaka hirotsaka amin'ny fampindramam-bola madinika (“microcrédit”) atolotra, saingy tsy naharaka ilay fampianarana ny ankamaroany :



*Tanin-janakazo ao amin'ny sampana Fanofanan'ny Rio Tinto QMM ao Mandena.*

*“Nanaovany fampianarana momba ny fitantanana vola izahay saingy sarotra be loatra. Indrindra ho an'ireo tsy mahay mamaky teny, na ho an'ireo izay tsy dia nahavita fianarana be loatra koa aza. Tsy nisy nahazo izay nolazainy.”*

Rehefa izany no zava-misy, dia vitsy no afaka hanolotra sosokevitra tetikasa, indrindra moa ka sosokevitra mety hahazo fankatoavana ao aorian'ny fanombanana ny fahafaha-mivelona ara-bola ataon'ny Asity.

Nolazaina taminay koa fa ny Asity dia efa nanohana ara-bola “microcrédits” miisa roapolo eo ho eo (0% ny zana-bola) any amin'ireo tanàna efitra misy COBA izay voakasiky ny toerana fanonerana harena voajanahary, 60 000 ka hatramin'ny 700 000 ariary tsirairay avy (16 – 200 euros). Ny ankamaroan'ny vola nindramina kely kely ihany satria hono raha tsy mahay mitantana vola kely ny olona dia tsy hahay hitantana vola be : *“Mibanjina zava-dehibe fa manomboha amin'ny zavatra kely”*.

Ohatra nisy olona nahazo

fampindramam-bola madinika (microcrédit) 100.000 ariary (28 euros) tamin'ny Asity tamin'ny aogositra 2015. Tokony naveriny nanomboka tamin'ny septambra 2015, ary novambra 2015 no faran'ny famerenana. Nolazaina izy fa tsy maintsy averiny ilay vola alohan'ny ahafahan'ny olona hafa mahazo “micro-crédit”.

Mbola misy sakana hafa koa : mba ahafahany ho anisan'ny olona mety ho heverina anatin'ny tetikasa sy fampindramam-bola madinika (“micro-crédits”) samihafa, dia tsy maintsy mpikambana amin'ny COBA ny mponina ary mandoa latsak'emboka. Izany no voalaza fa fomba hamaritana hoe iza no mety manaja ny fepetra napetraky ny Asity : *“Ireo tsy mandoa latsakemboka no miteraka olana”*, hoy ny voalazan'ny mpiasan'ny Asity. Rehefa jerena nefa ny zava-misy manodidina teo am-pamoronana ny COBA sy ny andraikitra raisina eo amin'ny fampiharana ny fepetra fitantanana ny faritra voaaro (Jereo Toko voalohany) dia hita fa ny “conditions” (fepetra) apetraka mialoha toa izany dia mora mivadika ho fomba fampanajana ny fokonolona ny lalànan'ny fitahirizana harena voajanahary an-katerena.

Ny paikadin'ny Rio Tinto amin'ny fitahirizana dia misy asa fanabeazana momba ny fiainan'ny fokonolona sy ny ara-tontolo iainana any amin'ireo tanàna akaikin'ny toerana fanonerana. Ny mpiasan'ny Asity dia nilaza fa misy tetikasa mizotra mba *“hampianarana ny mponina hamboly karazana mangahazo natsaraina mba ahatarana ny fahavitan-*

*tena ara-sakafo”.*

Nisy olona tao amin'ny vondron'ny mponina ifotony niresaka taminay koa momba asa fanabeazana izay nandraman'ny ONG nandresena lahatra ny mponina hihinana vary bebe kokoa ary hampihena ny mangahazo. Ny fomban-drazana nahazatra ny mponina any amin'ireo tanàna izay notsidihinay anefa dia mihinana mangahazo mandritra ny 11 volana ary vary mandritra ny iray volana fotsiny, eo ho eo. Andraman'ny ONG soloina vary izany ny mangahazo amin'ny maha-foto-tsakafo azy.

Ao amin'ny tanàna ao Iaboakoho, izay efa misy asa vitsivitsy famokarana sakafo hafa efa miroso, ny tetikasa fambolena vary dia tanterahan'ny ONG avy any Alemaina Welthungerhilfe (WHH). Ny tetikasa dia mikasika ny fanampiana ny mponina amin'ny fanamboarana tanimbary, mba hanoloana fambolem-bary ny fambolena mangahazo. Saingy ny mponina izay notsidihanay tsy mbola nahazo sosokevitra fanampiana mitovy amin'izany. Nolazain'ny olona matetika mandritra ny resadresaka tamin'izy ireo fa efa niresaka tamin'ny Asity izy mikasika ny fitiavany mba hanaovana tetikasa fambolena vary toy izany koa saingy tsy mbola namaly na nanolotra fanohanana amin'ny fananganana tetikasa fambolem-bary ny Asity. Ny tena noheverin'ny fokonolona fa ilainy dia toro-hevitra momba ny fomba hambolena vary ao anatin'ny toetoetry ny zava-misy ao aminy sy fanohanana ara-bola matanjaka mba entina hanatanteraka tetikasa toy izany.

Ny hevitra hanolo ny mangahazo amin'ny vary ho foto-tsakafo amin'ny zava-misy toy izao dia ahiana hampihena ny fahaleovan-tena ara-sakafon'ireo tanàna ireo, indrindra

raha tsy misy tetikasa miroso na iray aza momba ny fambolena vary. Ny fianakaviana izay namokatra ny mangahazo hohaniny hatramin'izao, dia mety hivadika mpanjifa mianki-doha amin'ny sakafo fototra izay tsy vokarin'ny izy tenany na tsy ampy ny vokatra avy ao aminy. Mety hampitombo ny fiankinan-dohany amin'ny vola izany (vola izay tsy ananan'ny mponina ao amin'ireo tanàna) mba hividianana sakafo, ka ahatonga azy hiharan'ny fiovana tampoky ny vidi-tsakafo mifandray amin'izany eo amin'ny tsena iraisam-pirenenan'ny akora.

Amin'ny ankapobeny, raha ny fanamafisana ny hery sy ny fikarohana asa hafa hampidiram-bola no jerena dia ohatra iray mampiseho antony maro amin'ny tsy fahombiazan'ireo tetikasa samihafa mitondra hevi-baovao ity tetikasa ity. Sahala aminy tsy misy fantarin'ny zava-misy eo amin'ny fiainan'ny olona any amin'ireo tanàna, nefa izy ireo no lazaina fa hahazo tombotsoa amin'ny asa fampiofanana sy fitadiavana fampidiram-bola. Ankoatr'izay, ny fmiavana hikaroka hoe inona no tena ilain'ny ao an-tanàna dia tena tsy misongadina.

Amin'ny ankapobeny, ny mponina any amin'ireo tanàna notsidihana nandrit'ity fanadihadiana tany ifotony tamin'ny septambra 2025 ity dia mihevitra fa “ny tetikasan'ny Asity dia manome baiko fotsiny. *Tsy mifanakalo hevitra amin'ny mponina izy.*

## 7. Inona no hevi-baventy nasongadin'ny fitsidihina momba ny fanonerana harena voajanahary ataon'ny Rio Tinto

*“Fa maninona izahay no tokony hijaly mba ahazoan'ny olon-kafa tombotsoa ?”*

Misy elanelany lehibe ny zavatra tsara lahatra lazain'ny antonta-taratasy tsara tarehy be -n'ny Rio Tinto QMM, aely erantany, mikasika ny fanonerana harena voajanahary ao atsimo atsinanan'i Madagasikara, sy ny zava-misy iainan'ny mponina any amin'ny tanàna manamorona ny faritra fanonerana harena voajanahary manodidina an'i Bemangidy-Ivohibe izay hisehoany.

Ny fanadihadiana tany ifotony nataon'ny Re:Common sy ny WRM dia nanamarina fa ny mponina dia tsy mba nampahafantarina fa ny tetikasa fitahirizana ny ala dia lasa tetikasa fanonerana harena voajanahary ho an'ny fitrandrahan'ny Rio Tinto QMM fasimainty ao akaikin'ny Fort-Dauphin, eo ho eo amin'ny 50 km atsimon'ny tanànan'i Bemangidy, ilay toerana nokasaina hanonerana harena voajanahary. Navela izy ireo hino fa ny fikarohana ataon'ny orinasa Rio Tinto ao amin'ny faritra dia mibanjina fikarohana harena ankibon'ny tany.

Ireo tantsaha ao amin'ny tananan'Antsotso dia naneho fa tsy nisy fifampiraharaha momba ny fandràna azy ireo amin'ny fampiasana ny tany, ary ireo fampihenana ny fahafahany mampiasa ny tany dia natao tery vay manta taminy fa tsy

nisy fijerena ny zavamisy iainan'izy ireo. Nampanantenaina asa hafa takalony hatao fampidiram-bola mba hanalefahana ny vokatry ny tsy fahafahana miditra any anaty ala , saingy tsy mbola tanteraka amin'ny fomba azo tsapai-tànana (47), ny fandràna nefa efa ampiharina.

Raha fintinina, ny mponina izay efa niady mafy teo aloha mba ahafahany mivelona, dia miatrika indray amin'izao fotoana izao fitomboan'ny fanahiana ny tsy fisiana sy ny mosary , izay vokatra mivantana ny fanonerana harena ankibon'ny tany izay ny orinasa maro rantsana mpitrandraka anisan'ny lehibe indrindra eto an-tany no mahazo tombotsoa aminy. Ny Rio Tinto dia afaka manambara fa ny toeram-pitrandrahanany fasimainty dia tonga *“Inanavotra ny harena voajanahary tsy manam-paharoa manamorona ny ranomasina ao Fort-Dauphin”*, sahy milaza izany izy na ho simba mandritry ny fitrandrahana aza ny ampahany lehibe amin'ilay ala amoron-dranomasina 1 650 ha izay ao anatin'ny faritra nomena azy hitrandrahana (anatin'ny “concession minière”).

Ny orinasa sy ireo mpiaramiombon'antoka aminy dia miresaka amin-kafanampo ireo *“fiantraikany mahomby azo tsapain-tanana”*, ary manamafy fa ny ala manamorona ny ranomasina izay simbainy dia ho simba tato anatin'ny am-polotaona manaraka noho ny fomba fambolena ny tantsaha.



Azo hiadian-kevitra angamba ny antony omeny hanamarinana io hevitra io. Fa ny Rio Tinto aloha dia manambara fa noho ny fitazonana ala kely ao anatin'ny faritra nomena azy itrandrahana, sy ny fitahirizana ary famerenana any amin'ny toerana hafa ala mitovy amin'io, dia manjary “hanana fiantraikany mahomby azo tsapai-tànana” eo amin'ny harena voajanahary ny asa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany ataon'ny orinasa, miohotra amin'izay mety ho niseho raha tsy nisy an'io. Milaza koa izy fa ny ala eny amin'ny toerana fanorenana harena voajanahary dia ho rava tanteraka koa noho ny asam-pambolena ataon'ny mponina any an-toerana, raha tsy tonga tany ny Rio Tinto sy ny mpiara-miombona antoka aminy nanatanteraka ny asa fanonerana harena voajanahary.

*Masoandro mody ambonin'ny toeram-pitrandrahan'ny Rio Tinto QMM sy ny seranany ao Taolagnaro.*

Ny tena zava-misy anefa dia tena samihafa amin'ny tantara voalazan'ny rakitra mirentirenty zaraina eran-tany ! Ny antom-piveloman' ireo fokonolona, izay sady hiharan'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany no hiharan'ny fanonerana ny harena voajanahary dia vao maika lasa tsizarizary mba ahafahan'ny Rio Tinto mampitombo ny tombom-barotra azony avy amin'ny fitrandrahana fasimainty.



# Fanazavana fanampiny

---

- Re:Common, Collectif TANY, SIF (2013): *Fangoronan-tany sy fanaovana ampihimamba ny tany eto Madagasikara. Ako sy porofo avy tany ifotony*. [www.recommon.org](http://www.recommon.org) - Jereo ny rohy : <http://www.recommon.org/eng/?wpdmact=process&did=MTQuaG-90bGluaw==> sy ny : [http://terresmalgaches.info/IMG/pdf/Fangoronan\\_tany\\_eto\\_Madagasikara\\_Ako\\_sy\\_porofo\\_avy\\_avy\\_ifotony\\_2013.pdf](http://terresmalgaches.info/IMG/pdf/Fangoronan_tany_eto_Madagasikara_Ako_sy_porofo_avy_avy_ifotony_2013.pdf)
- Andrews Lees Trust sy Panos (2009): *Voices of Change. A collection of testimonies from farmers impacted by the Rio Tinto QMM mine*. [www.andrewsleestrust.org/hepa.htm](http://www.andrewsleestrust.org/hepa.htm)
- Harbinson, Rod (2007) : *Development Recast? A review of the impact of the Rio Tinto Ilmenite Mine in Southern Madagascar*. Tatitry ny Panos hoan'ny Friends of the Earth.
- Lambolez, Fred sy Jean Marie Pernelle (2013) : *Je veux ma part de terre – Madagascar*. Sarimihetsika Video natao avy tamin'ny zava-misy.
- Friends of the Earth (2012) : *Madagascar: Nouvel eldorado des compagnies minières et pétrolières*.
- Bidaud, C. et al. (2015) : *Voluntary biodiversity offset strategies in Madagascar. Ecosystem Services* (2015).
- Seagle, Caroline (2012) : *The mining-conservation nexus: Rio Tinto, development 'gifts' and contested compensation in Madagascar*. The Land Deal Politics Initiative.
- Virah Sawmy, Malika (2009): *Ecosystem management in Madagascar during global change*. *Conservation Letters*, 2: 163–170.
- Friends of the Earth International (2015) : *Financialization of Nature. Creating a New Nature*. Booklet. <http://www.foei.org/wp-content/uploads/2015/10/Financialization-of-Nature-brochure-English.pdf>

# Fanamarihana farany

---

1. QMM dia fanafohezana ny Qit Madagascar Minerals S.A., izay handraisan'ny Fanjakàna Malagasy 20 isan-jaton'ny petra-bola raha 80 isan-jato ny an'ny Rio Tinto. Rio Tinto QMM no anaran'ny sampan'ny Rio Tinto misahana ny fitrandrahana fasimainty (ilménite) ao Taolagnaro (Fort-Dauphin).
2. IUCN no zokiny sy lehibe indrindra amin'ireo fikambanana mikarakara ny tontolo iainana manontolo eran-tany ; mi-isa 1300 ireo fikambanana miankina amin'ny fanjakana sy ireo tsy miankina izay mambra ao aminy.
3. Raha hizaha soratra hanovozan-kevitra, jereo C. Seagle (2011). The mining-conservation nexus Rio Tinto, development 'gifts' and contested compensation in Madagascar. LDPI Working Paper 11, P. 6
4. Momba ny antsipiriany amin'ny fikajian'ny Rio Tinto ny fifampimiran-tsanda ny ala potiky ny fitrandrahan'ny QMM fasimainty sy ny fanonerany an'izany, jereo Re:Common and WRM (2016): Rio Tinto in Madagascar: A mine at the rescue of destroying the unique biodiversity of the littoral zone of Fort Dauphin.
5. Mba ahazoana fijery faobe momba ny tantaran'ny fitrandrahana, jereo Fangoronan-tany sy fanaovana ampihimamba ny tany eto Madagasikara. Ako sy porofo avy tany ifotony – 2013
6. Raha hizaha vaovao mahakasika ity fampiharana fanonerana ity, jereo Metin Akyol, Michael Neugart, Stefan Pichler (2015): A tradable employment quota. Labour Economics, Volume 36, October 2015: 48-63.
7. Ireo ala voaaro vaovao noraihetina taorian'ny 2003/2004 dia matetika atokana ho tantanan'ny fikambanana tsy miankina Malagasy na iraisam-pirenena mpiaro tontolo iainana toy izay ny Sampam-panjakàna miandraikitra ireo alam-pirenena voalohany najoro teo amin'ny tantara nanomboka tamin'ny 1924 ka hatramin'ny 1999 ary miisa 50 eo ho eo. Araka ny fenitry ny famindram-pitantanana azy ireny amin'ny faritra tsy miankina miaro ny tontolo iainana dia nanao fifanekena famindram-pitantanana ny fitondram-panjakàna ho fampiharana ny lalàna GELOSE (“Gestion Localisée Sécurisée”) sy ny didim-panjakàna GCD (“Gestion Contractualisée des Forêts”) tamin'ny 2001. Raha hitady vaovao mahakasika io famindram-pitantanana io, jereo : Jacques Pollini sy ny hafa (2014) : The transfer of natural resource management rights to local communities sy Ivan R. Scales (éd.): Conservation and Environmental Management in Madagascar.
8. Ny lalam-pirenena mampitohy an'i Taolagnaro (Fort-Dauphin) sy Farafangana izay mitety ny tanana sasany dia eo am-panavaozana ka ahazoan'ny mponina vitsivitsy asa.
9. Olsen, Nathalie, Bishop, Joshua and Anstee, Stuart (2011). Exploring ecosystem valuation to move towards net positive impact on biodiversity in the mining sector. IUCN and Rio Tinto Technical Series report No. 1.
10. Fanazavan'ireo mpiandraikitra ny Asity ny amin'ny kendren'ny drafitr'asa ajorony miaraka amin'ny Rio Tinto QMM.
11. Jereo, ohatra, 'Carbon Crooks', sarimihetsika notontosain'i Tom Heinemann (Rohy : <http://tomheinemann.dk/the-carbon-crooks/>) na koa 'The Carbon Rush' by Amy Miller (Link: <http://thecarbonrush.net/> )
12. Interpol News Release. ( Rohy : <http://www.interpol.int/News-and-media/News/2013/PR090> )

13. Izany no torian'ny fitsipi-pahombiazana faha-6-n'ny IFC.
14. Jereo WRM Bulletin No. 222, March / April 2016, for more detail. <http://wrm.org.yu>
15. REDD na “Reducing Emissions from Deforestation and Degradation of tropical forests)” dia midika “Fampihenana ny fanelezana Entona Mangeja Hafanana vokatry ny fandravana ala”. Natao “REDD+” ny “REDD” hanomezana alalana hitsimbina ny ala sy hitsirika, hitrandraka ary hanonitra azy ihany koa.
16. Jereo, ohatra WRM (2015) : REDD. A Collection of Conflicts, Contradictions and Lies. (Link )
17. Ny vaovao momba ireo fifanolanana sy adi-hevitra ateraky ny traikefam-pitrandrahan'ny Rio Tinto dia azo takarina any amin'ny takelaky ny London Mining Network sy ny an'ny IndustriAll global union avy ary ao amin'ny tatitra Unsustainable: the ugly truth about Rio Tinto.
18. Rio Tinto Biodiversity Strategy – Sustaining a natural balance, Rio Tinto 2004 <http://www.riotinto.com/SustainableReview/Landaccess/programmes/Biodiversity/pdf/BiodiversityStrategy.pdf>
19. IndustriALL (2012): Rio Tinto in Africa. Global Citizen or Corporate Shame? <http://www.industriall-union.org/sites/default/files/uploads/documents/industriall-rio-tinto-africa-report.pdf>
20. Raha mikaroka vinavina amin'ny antsi-piriany momba drafitr'asa ‘Integrated Growth Poles Project for Madagascar’ (Pôle Intégré de croissance), jereo ny takelaky ny Banky Iraisam-pirenena (World Bank). (Rohy )
21. Rowan Moore Gerety (2009) : Mining and biodiversity offsets in Madagascar: Conservation or ‘Conservation Opportunities?’ Mongabay, 30 August 2009.
22. <http://www.birdlife.org/community-blog/wp-content/uploads/2011/11/BirdLife-2011-Tsitongambarika-book-En.pdf>
23. Background, <http://www.riotintomadagascar.com/english/bioBackground.asp>
24. Suivi environnemental – Un bilan positif des cinq premières années, N. 002 Magazine semestriel QMM, Octobre 2014 (<http://www.riotintomadagascar.com/pdf/fasimaintyoc14.pdf>)
25. Seagle, Caroline (2012) : The mining-conservation nexus: Rio Tinto, development ‘gifts’ and contested compensation in Madagascar. The Land Deal Politics Initiative. Page 26.
26. Description of Rio Tinto’s Net Positive Impact strategy on the billboards in the Office of Mandena Conservation Site
27. A mine at the rescue of the unique biodiversity of the littoral zone of Fort Dauphin, QIT Madagascar Minerals SA Press Kit, 2009.
28. [http://bbop.forest-trends.org/documents/files/forecasting\\_npi\\_at\\_qmm.pdf](http://bbop.forest-trends.org/documents/files/forecasting_npi_at_qmm.pdf)
29. <http://www.riotintomadagascar.com/english/pdfs/factsheets/QMM%20Fact%20Sheet%20Biodiversity.pdf>
30. Ny fotoana tena lany hanatratrana an'i Bemangidy dia miankina amin'ny isan'ny fiara miandry ny fiampitana rano amin'ireo bacs telo amin'ny lâlana.
31. Didim-panjakana laharana faha-2015-720 tamin'ny 23 jiona 2015.
32. <http://www.birdlife.org/community-blog/wp-content/uploads/2011/11/BirdLife-2011-Tsitongambarika-book-En.pdf>
33. BirdLife, undated: Direct Payments for Conservation in Madagascar. <http://www.riotintomadagascar.com/english/bioBackground.asp>

- birdlife.org/sites/default/files/attachments/Direct%20Payments%20for%20Conservation%20in%20Madagascar%20rt\_5.pdf
34. "Forecasting the path towards a Net Positive Impact on biodiversity for Rio Tinto QMM", H. J. Temple, S. Anstee, J. Ekstrom, J. D. Pilgrim, J. Rabenantoandro, J-B. Ramanamanjato, F. Randriatafika and M. Vincelette. IUCN and Rio Tinto Technical Series No.2; Biodiversity, Positive impact of the programme: <http://www.riotinto.com/diamondsandminerals/biodiversity-15520.aspx#faq-5>
  35. [http://www.riotinto.com/documents/ReportsPublications/MDG\\_Biodiversityoffsets.pdf](http://www.riotinto.com/documents/ReportsPublications/MDG_Biodiversityoffsets.pdf) Page 5.
  36. Rio Tinto QMM Biodiversity Committee page on Rio Tinto's website: [www.riotintomadagascar.com/english/biocom.asp](http://www.riotintomadagascar.com/english/biocom.asp)
  37. <http://www.riotintomadagascar.com/pdf/NPI.pdf>
  38. <http://www.birdlife.org/community-blog/wp-content/uploads/2011/11/BirdLife-2011-Tsitongambarika-book-En.pdf>
  39. <http://www.riotintomadagascar.com/english/biocom.asp>
  40. [http://www.iucn.org/about/work/programmes/business/bbp\\_work/by\\_engagement/rio\\_tinto/](http://www.iucn.org/about/work/programmes/business/bbp_work/by_engagement/rio_tinto/)
  41. Ganzhorn et al. (2007) : Biodiversity, ecology and conservation of littoral ecosystems in Southeastern Madagascar, Tolagnaro (Fort Dauphin) and the supplemental publication, Temple et al. (2012): Forecasting the path towards a net positive impact. IUCN and Rio Tinto Technical Series report No.2.
  42. Re-mining the collection : From bioprospecting to biodiversity offsetting in Madagascar. Benjamin D. Neimark and Bradley Wilson. Geoforum 22 (2015).
  43. <http://www.riotintomadagascar.com/english/com2014b.asp>
  44. IndustriALL (2014) : Unsustainable: the ugly truth about Rio Tinto. P.14.
  45. Valinteny voaray avy amin'ny Asity tamin'ny mailaka 8 avrily 2016 : "*Tsy tena mitaratra ny zava-misy ny fomba nanoratana ny fehezanteny. Voalohany, ny "lavage de cerveau" dia voambolana tsy sahaza, tsara kokoa raha lazaina hoe fomba fitondrana fanazavana ho an'ny mponina. Faharoa, ny fitsidihina dia natao mba hanazaana amin'ny mponina ny antonanton'ny tetikasa fanonerana.*" [ "La façon dont on a rédigé la phrase ne relate pas vraiment la réalité. Primo, le 'lavage de cerveau' n'est pas le mot approprié, mieux vaut dire que c'est un moyen d'apporter des éclaircissements pour la population. Secundo, les visites servent à sensibiliser la population sur les tenants et aboutissants du projet Offset." ]
  46. Valinteny voaray avy amin'ny Asity tamin'ny mailaka 8 avrily 2016 : "*Izao no zava-misy: tany am-boalohany, misy antokon'olona mahita fomba foana hanakorontanana ny fivoriana. Mba hisorohana izany dia nifampiraharaha tamin'ny mpiandraikitra ny fiangonana ao Iaboakoho izahay mba hanomboka ny fivoriana amin'ny fotoam-pivavahana sy mba handraisana ny fanapaha-kevitra manahirana ao am-piangonana.*" [ "En voici la réalité : tout au début, des groupes de personnes trouvaient toujours les moyens de perturber la réunion. Pour éviter cela, nous avons négocié avec les responsables de l'Eglise de Iaboakoho à débiter la réunion par une prière, et de prendre les décisions difficiles dans l'église même." ]
  47. Nihevitra ireo mpikambana ao amin'ny vondron'ny mponina ifotony fa ny "fampindramam-bola madinika" ("micro-crédit") nekena ho azy dia tsy mitsinjo ny fahaverezan'ny tany hamboleny hanin-kohanina.



## Fanonerana harena voajanahary ataon'ny Rio Tinto ao Madagasikara

Fangoronan-tany avo roa heny amin'ny anaran'ny harena voajanahary?

Taona tato ho ato, ireo kaompania mpitrandraka dia niroso mavitrika tamin'ny fanelezan-kevitra fa ny "fanonerana harena voajanahary" dia lalana "hanamaitsoana" ny sehatry ny fitrandrahana. Ny iray manokana amin'ireny tetikasa fanonerana, ny an'ny Rio Tinto QMM ao amin'ny faritra Anosy any atsimo atsinanan'i Madagasikara, dia voalaza ombieny ombieny fa maodely amin'izany.

Ny Rio Tinto sy ireo mpiombon'antoka aminy ao amin'ny sehatry ny fitahirizana dia milaza fa ny paik'adiny ho fitahirizana dia hanonitra ny fahaverezan'ny harena voajanahary ary ny fitrandrahana mihitsy no hanana "fiatraikany mahomby azo tsapai-tanana" eo amin'ireny harena ireny amin'ny farany. Ny fikarohan'ny Re-Common syWRM niaraka tany ifotony tamin'ny 2015 anefa dia nahatsikaritra fa nifanohitra tamin'izay tantarain'ny boky mamirapiratra fanelezan-kevitra zaraina maneran-tany.

Ny ho enti-mivelon'ny mponina any ifotony dia vao mainka marefo, kanefa ny tombotsoan'ny Rio Tinto vao mainka manonga. Ireo mponina any amin'ny toerana iray hampiharana ny fanonerana harena voajanahary dia nianjeran'ny famerana najadona tsy nisy fifampiraharaha no sady tsy nisy fijerena ny mahazo azy. Ny fidiram-bola hafa nampanatenaina azy ireo hanamaivanana ny tsy fahafahany intsony hiditra ny ala dia tsy nisy tohiny mivaingana mandrak'izao, nefa ireo famerana henjana ny fahafahan'ny vondron'ny mponina mampiasa ny ala tafapetraka.



World Rainforest  
Movement

wrm@wrm.org.uy  
wrm.org.uy



RE:COMMON

info@recommon.org  
www.recommon.org